FIADIDIANA NY REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY

LALAMPANORENAN' NY REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY

Araka ny lalàmpanorenana vonjimaika tamin' ny 7 novambra 1972,

Nanome ny heviny ny Komitim-pirenena momba ny Lalàmpanorenana,

Nanapaka ny Governemanta,

Lanieram-bahoaka,

Avoakan' ny Filohan' ny Repoblika Demokratika Malagasy hanan-kery ity lalàna manaraka ity :

SAVARANONANDO

NY VAHOAKA MALAGASY,

— Tsy mivaona amin' ny tolona nifandovàna, mandritra ny tantaram-piainany manontolo, nataon' ireo zanany tena mendrika indrindra izay nanao sorona ny ainy mba ho foana mandrakizay ny fanararaotana sy ny fitsentsefana ny hatsembohan' ny namana sy ny endrika rehetra isehoan' ny tsindry hazo lena, ny fanagejana ary ny fanaovana ny hafa ho tsinontsinona aterak' izany,

— Mino tsy mihambahamba fa manana zo aman-kasina tapitr' ohatra ny olombelona, ary tapa-kevitra hiara-mitolona amin' ny olon-drehetra liam-pahamarinana sy fandrosoana hanafahana na iza na iza sy ny vatan-tenany manontolo,

— Mino tanteraka fa ny fandriampahalemana sy ny fifankatiavan' ny vahoaka eran-tany dia tsy hisy raha tsy voahaja ny fahafahan' ny Firenena hisafidy ny anjarany sy ny fahaleovantenan' ny Fanjakana samihafa ary ny fandaminana demokratika ny toekarena sy ny fifanakalozana ara-barotra iraisam-pirenena,

— Tapa-kevitra hanangana Fanjakana anankiray vaovao, izay fanehoana ny tombontsoan' ny valalabemandry mpitrongy vao homana sy hampijoro ny fiaraha-monina mifanaraka amin' ny tsangan-kevitra sosialista voalazan' ny «Fototra iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy».

Dia manambara :

FIZARANA I

FOTO-KEVITRA ANKAPOBE

Andininy voalohany. — Firenena iray ny Vahoaka Malagasy ka ny Fokonolona izay fiombonambe sosialista sy demokratika no fototra iorenan' ny Fanjakana.

Izany Fanjakana izany izay mitondra ny anarana hoe «Repoblika Demokratika Malagasy» dia manana ny fiandrianany, iray tsy mivaky ary tsy miantehitra afa-tsy amin' ny herin' ny tenany ihany aloha.

Tsy amidy, tsy atakalo ny taniny.

And. 2. — Ny Repoblika Demokratika Malagasy izay tsy mivaky nefa misy fitsinjaram-pahefana dia miantoka sy mampirisika ny fisahanan' ny vondrom-bahoaka isam-paritany ny asa amandraharaha entina mampiroborobo ny Firenena.

And. 3. — Ny vahoaka miasa no andriamanjaka tompon' ny fahefana rehetra ao amin' ny Repoblika Demokratika Malagasy.

Ny vahoaka tompom-pahefana izay maneho ny sitrapony amin' ny alàlan' ny latsabaton' ny daholobe no :

— mifidy sy manongana amin' ny fomba demokratika ireo solontenany,

— manendry sy manondro ireo olom-pirenena mendrika hofidina.

And. 4. — Amin' ny fomba mivantana ao amin' ny Fokonolona na amin' ny alàlan' ny fitsapana hevi-bahoaka, na koa amin' ny fanomezam-pahefana ny Filohan' ny Repoblika sy ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no ampiasan' ny vahoaka ny fahefany.

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE DEMOCRATIQUE DE MADAGASCAR

CONSTITUTION DE LA RÉPUBLIQUE DÉMOCRATIQUE DE MADAGASCAR

Conformément à la loi constitutionnelle provisoire du 7 novembre 1972,

Le Comité National Constitutionnel a donné son avis,

Le Gouvernement a arrêté,

Le Peuple a adopté,

Le Président de la République Démocratique de Madagascar promulgue la loi dont la teneur suit :

PREAMBULE

LE PEUPLE MALGACHE,

— Fidèle aux traditions de lutte, entretenues tout au long de son histoire par les meilleurs de ses fils qui se sont sacrifiés pour que soient à jamais abolies l'exploitation de l'homme par l'homme ainsi que toutes les formes de domination, d'oppression et d'aliénation qui en découlent,

— Convaincu de l'éminente dignité de la personne humaine et résolu à combattre avec tous les hommes épris de justice et de progrès pour la libération de tout homme et de tout l'homme,

— Persuadé que la paix et l'amitié entre les peuples ne sauraient être instaurées que par le respect de leur auto-détermination, l'indépendance des Etats et l'organisation démocratique des relations économiques entre les Nations,

— Décidé à construire un Etat de type nouveau, expression des intérêts des masses laborieuses, et à édifier une société conforme aux principes socialistes énoncés dans la «Charte de la Révolution Socialiste Malagasy»,

Déclare :

TITRE PREMIER

PRINCIPES GENERAUX

Article premier. — Le Peuple Malgache constitue une Nation organisée en Etat fondé sur la communauté socialiste et démocratique, le *Fokonolona*.

Cet Etat est une République souveraine et indivisible, comptant en premier lieu sur ses propres forces, et porte le nom de «République Démocratique de Madagascar».

Son territoire est inaliénable.

Art. 2. — La République Démocratique de Madagascar, unitaire et décentralisée, garantit et favorise l'exercice, par les collectivités territoriales, des activités et fonctions concourant au développement de la Nation.

Art. 3. — Le peuple travailleur souverain détient la plénitude des pouvoirs au sein de la République Démocratique de Madagascar.

Le peuple souverain qui se manifeste par la voie du suffrage universel :

— élit et révoque démocratiquement ses représentants,

— désigne et présente les citoyens dignes d'être élus.

Art. 4. — Le peuple exerce son pouvoir, soit directement, au sein des *Fokonolona* ou par voie de référendum, soit par délégation au Président de la République et à l'Assemblée Nationale Populaire.

And. 5. — Ny fifidianana amin' ny alàlan' ny latsabato ataon' ny daholobe sy ny fanendrena ataon' ny Filohan' ny Repoblika no hany maha-ara-drariny ny fitondrana sosialista sy ny maha-ara-dalàna ny fitondrana repoblikana.

And. 6. — Ny lalàna no anehoana ny sitrapon' ny vahoaka.
Mitovy ny daholobe eo anatrehany na natao hiarovana izy na natao handidy na natao hamaizana.

And. 7. — Ny fizakan' ny Fanjakana ny fitaovam-pamokarana vaventy ny loharanon-karena vita-nanahary, ny indostria sy ireo fototr' asa antoky ny fiainana sy ny fandrosoan' ny Firenena,
— ny fitantanana ny famokarana ataon' ireo mpamokatra voalamina araka ny fomba demokratika ary mifanaraka amin' ny toe-tsaina entin' ny Revolisiona sosialista,
— ny fampandrosoana ny toe-karena raisin' ny vahoaka antànana, ka mahaleotena sy mifandanja ary mirindra,
— ny Fanjakana entin' ny vahoaka mpamokatra,
no fototra iorenan' ny fandaminana ny Repoblika Demokratika Malagasy ara-politika sy ara-tsosialy.

And. 8. — Ireo olom-pirenena mahatsiaro tena indrindra, ehtanin' ny tarigetra sosialista sy ny fitiavan-tanindrazana ka mitolona ao amin' ny fikambanana liam-pandrosoana dia mivondrona an-kalalahana ho «Manda-tehezam-pirenena miaro ny Revolisiona».

And. 9. — Ny «Manda-tehezam-pirenena» no manentana sy mitarika ny Revolisiona amin' ny ezaka atao hananganana ny Sosialisma ary mpanoro làlana ny Fanjakana amin' ny asany.
Ny lalàna no mametra ny anjara raharaha, ny fandaminana ary ny tombon-jon' ny Manda-tehezam-pirenena.

And. 10. — TANINDRAZANA - TOLOM-PIAVOTANA - FAHAFAHANA, no filamatry ny Repoblika Demokratika Malagasy.

Ny fanevany dia ny saina telo soratra : fotsy, mena, maitso, vita amin' ny tsivalana telo mira lafy roa ary mitovy refy ka ny voalohany fotsy ary mitsangana manaraka ny tahon-tsaina, ny roa hafa mandry ka ny mena ambony ary ny maitso ambany
Antananarivo no renivohitra.

«Ry Tanindrazanay malala ô» no hiram-pirenena.

Lalàna no mametra ny fitombo-kasem-panjakana sy ny maripiandrianan' ny Firenena.

FIZARANA II

NY ZO AMAN' ANDRAIKITRA FOTOTRA

And. 11. — Ny Fanjakana no miaro sy manamafy orina ny fahaleovantena sy ny firaisana ary ny maha-iray tsy anombinana ny Taniny.
Fadiany ny mamaky ady hoenti-manohintohina ny fiandrianam-pirenena mijoro ara-drariny sy ny fahafahan' ny firenen-kafa.
Miezaka izy tsy hampiasa hery raha misy fifanolanan' ny samy firenena fa handamina izany kosa amin' ny fampihavanana.

And. 12. — Ataon' ny Fanjakana izay hampitovy ny olom-pirenena rehetra ka :
— iantohany ny maha-tokana ny rafi-pandaminana ao amin' ny fiaraha-monina sy ny firafitry ny lalàna sosialista ary ny maha-tokana ny lamim-pamokaran-karena eo amin' izay mikasika ny lalàna sy ny fitsipika;
— andraisany andraikitra ny fanalana ireo vato misakana eo amin' ny toe-karena sy ny fiaraha-monina ka manembantsembana ny fitoviana sy ny fivelaran-tsaina ary misakana ny tena fandraisan' ny mpiasa rehetra anjara amin' ny fandaminana ny teti-pitondrana sy ny toe-karena amam-piaraha-monina;
— fongorany na ny fanavakavahana noho ny firazanana, ny fihaviana, ny finoana, ny ambaratongam-pahaizana, ny harena na ny fanavakavahana ny lehilahy sy ny vehivavy.

Art. 5. — L'élection au suffrage universel et la nomination par le Président de la République sont les seules sources de la légitimité socialiste et de la légalité républicaine.

Art. 6. — La loi est l'expression de la volonté populaire.
Elle est la même pour tous, qu'elle protège, qu'elle oblige ou qu'elle punisse.

Art. 7. — La propriété publique des principaux moyens de production, des ressources naturelles, des industries et des activités fondamentales pour la vie et le progrès de la Nation,
— la gestion de la production par les producteurs organisés démocratiquement selon l'esprit de la Révolution sosialiste,

— le développement autonome, équilibré et harmonieux d'une économie maîtrisée par le peuple,
— le Gouvernement du peuple travailleur par lui-même constituent le fondement de l'organisation sociale et politique de la République Démocratique de Madagascar.

Art. 8. — Les citoyens les plus conscients, animés de l'idéal socialiste et patriotique, qui militent au sein des organisations progressistes, s'unissent librement dans le Front National pour la défense de la Révolution.

Art. 9. — Le Front anime et guide la Révolution dans son élan vers l'édification du Socialisme, et inspire l'activité de l'Etat.

La loi fixe les attributions, l'organisation et les prérogatives du Front.

Art. 10. — La République Démocratique de Madagascar a pour devise : *TANINDRAZANA - TOLOM-PIAVOTANA - FAHAFAHANA.*

Son emblème est le drapeau tricolore blanc, rouge, vert, composé de trois bandes rectangulaires d'égales dimensions : la première verticale et de couleur blanche, du côté de la hampe, les deux autres horizontales, la supérieure rouge et l'inférieure verte.
La capitale est Antananarivo.
L'hymne national est : «*Ry tanindrazanay malala ô !*».
Les sceaux de l'Etat et ses armoiries sont définis par la loi.

TITRE II

DES DROITS ET DEVOIRS FONDAMENTAUX

Art. 11. — L'Etat protège et consolide l'indépendance, l'unité et l'intégrité territoriale de la Nation.

Il se défend de recourir à la guerre pour porter atteinte à la souveraineté légitime et à la liberté d'autres peuples.
Il s'efforce de régler les différends internationaux par des moyens pacifiques.

Art. 12. — L'Etat assure l'égalité de tous les citoyens en :

— garantissant l'unité de l'ordre social et du système juridique socialiste, ainsi que l'unité du système économique, en matière de législation et de réglementation;

— s'engageant à lever les obstacles d'ordre économique et social qui limitent l'égalité entre les citoyens, entravent le développement de la personne humaine et empêchent la participation effective de tous les travailleurs à l'organisation politique, économique et sociale;

— proscrivant toute discrimination tirée de la race, de l'origine, de la croyance religieuse, du degré d'instruction, de la fortune ou du sexe.

And. 13. — Ny fahalalahana fototra sy ny zon' ny isam-batan' olona dia iantohana araka izay voafaritry ny Fototra iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy.

And. 14. — Ny zo sy ny fahalalahana fototra no endriky ny fiaraha-monina sosialista sy demokratika izay ahazoan' ny olom-pirenena miala amin' ny fanararaotana sy ny didy jadona ka izany no hampivelatra ny maha-olona ny olona anatin' ny fahafahana sy ny fahamendrehana, amin' ny alàlan' ny asan' ny tena sy ny asa ifarimbonana.

Tsy misy zo na fahalalahana azon' ny olom-pirenena ifaharana raha tsy nahefa ny adidiny amin' ny mpiara-belona aminy izy.

Tsy misy zo azo ifaharana hoenti-mitsivalana amin' ny asa ataon' ny Fanjakana ho ny fananganana rafi-pandaminana sosialista.

And. 15. — Omena antoka hampiasa ny zo sy ny fahalalahana, eken' ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna ny olom-pirenena rehetra manaja ny fototra iorenan' ny Revolisiona ary mitolona ho an' ny fandresen' ny fiaraha-monina sosialista.

And. 16. — Na iza na iza manampatra ny fahalalahana omen' ny Lalàmpanorenana na ny lalàna mba :

— hanoherana ny Revolisiona,
— hanembantsembanana ny hijoroan' ny Fanjakana sosialista,
— hanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana,
— hanohintohinana ny tombontsoan' ny besinimaro,
— hanozongozonana ny firaisam-pirenena,
dia verezin-jo sy fahalalahana.

Voafetran' ny lalàna sy ny zavatra takin' ny firenena ny zo sy ny fahalalahan' ny olom-pirenena.

And. 17. — Adidin' ny olom-pirenena ny tsy mivadika amin' ny Firenena sy ny Tanindrazana ary manaja ny Fototra iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy sy ny Lalàmpanorenana ary ny didy aman-dalànan' ny Repoblika Demokratika Malagasy.

Tsy maintsy tontosainy amin-kitsimpo ny andraikiny eo amin' ny mpiara-belona, ary tsy maintsy manaraka ny fitsipi-pitondrantena sosialista izy.

And. 18. — Adidy masina ho an' ny olom-pirenena tsirairay avy ny miaro ny Tanindrazana sy mitsimbina ny zava-bitan' ny fitondrana sosialista ary ireo fananany, ary mitandro ireo andrim-panjakana najoron' ny vahoaka ara-pomba demokratika.

And. 19. — Adidy ombam-boninahitra ny fanefàna ny Fanompoam-pirenena. Ny fanatontosana izany dia tsy manembantsembana ny toerana misy ny olom-pirenena eo amin' ny asany na ny fampiasana ny zo politika anànany.

And. 20. — Ankoatry ny ilàna azy amin' ny fiarovam-pirenena, dia alamina ny Fanompoam-pirenena mba hanondrotana ny besinimaro eo amin' ny lafin' ny fiaraha-monina sy ny ara-tsaina ary hampandrosoana ny lamim-pamokarana miorina amin' ny :

— toe-tsaina tia fiombonana sy fifanohanana,
— famongorana hatramin' ny fakany ny fanararaotana,
— fitsinjarana ara-drariny ny harim-pirenena,
— fahazoana fitoviana eo amin' ny fiainana ara-batana lavorary.

And. 21. — Voninahitra sy adidy tsy azo idifiana ho an' ny olom-pirenena ny asa ka tsy maintsy ankatoaviny ny fitsipi-pifehezana.

Mifanentana amin' izay mety ho vitany no tsy maintsy ataon' ny tsirairay.

Araka ny hatsarany sy ny habetsahan' ny asa vitany ny valin-kasasarana homena azy.

Art. 13. — Les libertés fondamentales et les droits individuels sont garantis dans le cadre de la Charte de la Révolution Socialiste Malagasy.

Art. 14. — Les droits et libertés fondamentaux sont l'expression des rapports socialistes et démocratiques dans lesquels les citoyens se libèrent de toute exploitation et de tout arbitraire, et créent, par le travail personnel et le travail associé, les conditions nécessaires à l'épanouissement de l'homme dans la liberté et la dignité.

Aucun droit ou liberté ne peut être invoqué par un citoyen qui n'a pas rempli ses devoirs envers la collectivité.

Aucun droit ne peut être invoqué pour contrecarrer l'Etat dans son œuvre d'instauration de l'ordre socialiste.

Art. 15. — L'exercice des droits et libertés reconnus par la Constitution et la loi est garanti à tout citoyen qui œuvre dans le sens de la Charte et milite pour le triomphe d'une société socialiste.

Art 16. — Quiconque abuse des libertés constitutionnelles ou légales pour :

— combatre la Révolution,
— entraver l'avènement de l'Etat socialiste,
— violer la Constitution,
— porter atteinte aux intérêts de la collectivité,
— mettre en danger l'unité de la Nation,
encourt la déchéance de ses droits et libertés.

Les droits et libertés du citoyen trouvent également leurs limites dans la loi et les impératifs de nécessité nationale.

Art. 17. — Tout citoyen est tenu au devoir de fidélité à la Nation et à la Patrie ainsi qu'au devoir de respect de la Charte de la Révolution Socialiste Malagasy, de la Constitution, des lois et des règlements de la République Démocratique de Madagascar.

Il doit remplir loyalement ses obligations vis-à-vis de la collectivité et observer les règles de conduite socialistes.

Art. 18. — La défense de la Patrie, la sauvegarde des réalisations et de la propriété socialistes, ainsi que la protection des institutions dont le peuple s'est démocratiquement doté sont un devoir sacré pour tout citoyen.

Art. 19. — Le Service national obligatoire est un devoir d'honneur. Son accomplissement ne porte pas atteinte à la position de travail du citoyen ni à l'exercice de ses droits politiques.

Art. 20. — Le Service national est organisé, outre les impératifs de défense nationale, pour assurer la promotion sociale et culturelle du plus grand nombre et contribuer au développement d'un système économique fondé sur :

— l'esprit communautaire et mutualiste,
— l'éradication de l'exploitation de l'homme par l'homme,
— la juste répartition du revenu national,
— l'égal accès au bien-être physique.

Art. 21. — Le travail est un honneur et un devoir impérieux pour tout citoyen qui doit en accepter volontairement la discipline.

Il sera exigé de chacun selon sa capacité.

Chacun sera rémunéré selon la qualité et la quantité de son travail.

And. 22. — Ny fanavaozana sy ny fandaminana ny toe-karem-pirenena, araka ny fomba sosialista sy ny fanalana ny fatotra mangeja ny hery mpamokatra ary ny fampandrosoana ny fam-pianarana asa no miantoka ny zo hanana asa.

And. 23. — Mizaka ny zo handray anjara amin' ny fitantanana ny tranon' asa, araka ny fepetra tondroin' ny lalàna, ny mpiasa.

And. 24. — Ny Fanjakana dia manampy ny olom-pirenena tsirairay avy hahafahany misahana asa mifanandrify amin' izay manavanana azy eo amin' ny lafiny mikasika ny toe-karena, ny fitondrana, ny fiaraha-monina ary ny fanolokoloana ara-tsaina.

And. 25. — Eken' ny Fanjakana hizaka ny zo hisahana asa ho an' ny tenany ny mpiasa isam-batan' olona araka izay voafaritry ny lalàna ary tsy hanambaka ny hafa sy tsy hanohitra ny hevitra fonosin' ny fototra iorenana sy ny zava-kendren' ny Revolisiona.

And. 26. — Samy azon' ny olom-pirenena idirana avokoa ny asam-panjakana, ny anton-draharaha sy ny toerana ary ny asa ka ny fahaizany sy izay mety ho vitany ihany no fetran' izany.

And. 27. — Tsy tokony hanimba ny toe-pahasalaman' ny mpiasa na hanohintohina ny fahamendrehany ny faharetan' ny fotoam-piasana sy ny fomba fanatanterahana ny asa.

And. 28. — Iantohana ny fahalalahan' ny olom-pirenena hamosaka ny heviny sy hanao gazety ary hanao fivoriana raha mifanaraka amin' ny zava-kinendrin' ny Revolisiona sy ny tombontsoan' ny mpiasa sy ny mpiara-belona ary entina hanamafy orina ny demokrasia vaovao mba hijoroan' ny Fanjakana sosialista izany.

And. 29. — Ny mpiasa sy ny olom-pirenena tia tanindrazana, entanin' ny tarigetra revolisionera ka lohalaharana amin' ny fananganana ny sosialisma dia amporisihana hivondrona ara-pomba demokratika mba hanainga sy hitarika ary hanara-maso ny fikambanana miaro ny Revolisiona.

And. 30. — Ankoatr' ireo famerana mikasika ny fananana zakain' ny Fokonolona, sy ny antony ilàna handraisana azy ho fananam-pirenena ary ny fanesorana ny zo fizakam-pananana satria ilaina hanasoavam-bahoaka, dia iantohan' ny lalàna ny fizakan' ny olona tsirairay avy ny fananany, indrindra ny trano fonenan' ny mpianakavy, ny zavatra fampiasa sy ny kojakojany mahalavorary ny fiainana ara-batana ary ny fananana entin' ny mpianakavy mamokatra.

And. 31. — Tsy azo ampiasaina hanohitra ny tombontsoan' ny mpiara-belona ny zo izakan' ny olona tsirairay avy ny fananany fa entina hanasoavana ny mpiara-belona.

And. 32. — Mba hahazoana mampiasa ny tany araka izay tokony ho izy sy mampitombo ny famokarana eto amin' ny firenena ary mba hisian' ny fifandraisana ara-drariny eo amin' ny lafin' ny fiaraha-monina sy ny fiharian-karena amin' ny samy mpiara-belona, dia azon' ny lalàna asiana adidy sy fepetra ny fizakana ny tany.

And. 33. — Ny fandraisana anjara amin' ny vola lanin' ny Fanjakana dia atao lanja miakatra ary ferana hifanentana amin' ny tokony ho zakain' ny tsirairay avy.

And. 34. — Ny mivelon-tsy miasa ka manao dinta homan' omby dia raràn' ny lalàna toy ny fihetsika rehetra mifanohitra amin' ny Revolisiona ka tsy maintsy fongorin' ny tsirairay avy tsy misy indrafo.

And. 35. — Tsy azo ahodinkodina mihitsy ny fananana sy ny vola na an' ny Fanjakana na an' ny vondrom-bahoaka sosialista.

Art. 22. — Le droit au travail est assuré par la transformation et l'organisation socialiste de l'économie nationale, la libération des forces productives et le développement de la formation profes-sionnelle.

Art. 23. — Les travailleurs ont le droit de participer à la gestion des entreprises, dans les conditions fixées par la loi.

Art. 24. — L'Etat favorise l'exercice par chaque citoyen d'une activité conforme à sa qualification, dans les domaines économique, administratif, social et culturel.

Art. 25. — L'Etat reconnaît aux travailleurs individuels le droit d'exercer dans les limites autorisées par la loi, et sans exploiter autrui, une activité privée qui ne soit pas contraire à l'esprit et aux objectifs de la Charte.

Art. 26. — L'accès aux fonctions publiques, professions, places et emplois, est ouvert à tout citoyen sans autres conditions que celles de la capacité et des aptitudes.

Art. 27. — La durée et les conditions de travail ne doivent porter atteinte ni à la santé, ni à la dignité du travailleur.

Art. 28. — La liberté d'expression, de presse et de réunion est garantie aux citoyens quand elle est exercée conformément aux objectifs de la Révolution, aux intérêts des travailleurs et de la collectivité et en vue d'affermir la démocratie nouvelle pour l'avènement d'un Etat socialiste.

Art. 29. — Les travailleurs et les citoyens animés de l'idéal révolutionnaire et patriotique, qui constituent l'avant-garde du mouvement d'édification du socialisme, sont encouragés à s'associer démocratiquement pour animer, diriger et contrôler les organisations de défense de la Révolution.

Art. 30. — La loi garantit le droit à la propriété individuelle notamment de la maison d'habitation des membres de la famille, des biens d'usage, des éléments qui concourent au confort et au bien-être matériel, et de l'exploitation économique, famille ou artisanale, sous réserve des limites imposées par la propriété de la collectivité, les nécessités de nationalisation et l'expropriation pour utilité publique.

Art. 31. — Le droit de propriété individuelle ne peut être exercé contrairement à l'utilité sociale, mais doit contribuer au bien de la collectivité.

Art. 32. — Afin de réaliser l'exploitation rationnelle de la terre, d'augmenter la production nationale et d'établir des rapports sociaux et économiques équitables entre les membres de la collectivité la loi peut imposer des obligations ou des limitations à la propriété foncière privée.

Art. 33. — La participation de chaque citoyen aux dépenses publiques doit être progressive et calculée en fonction de sa capacité contributive.

Art. 34. — Chaque citoyen doit combattre sans pitié le parasi-tisme social que la loi interdit au même titre que les actes anti-révolutionnaires.

Art. 35. — Les biens et les deniers de l'Etat et des collectivités socialistes ne peuvent souffrir d'aucune atteinte.

Ny fandanilaniam-poana sy ny fanodinkodinana fananana sy volam-panjakana na an' ny vondrom-bahoaka sosialista dia heloka tsotra na heloka bevava izay ho faizin' ny lalàna faran' izay mafy indrindra ary mety hahavery ny zo sivily sy politika sy hitarika ny fandraisana ny fananan' izay nanao izany.

And. 36. — Na iza na iza, noho ny nataony na noho ny tsy firaharahany ka manimba ny zava-kendren' ny Revolisiona, ny fampijoroana ny toe-karena sosialista na ny tombontsoan' ny be sy ny maro, dia ho faizin' ny Fanjakana mafy tokoa.

And. 37. — Arovan' ny Fanjakana ny fianakaviana, ny vehivavy sy ny ankizy ary ekeny ho an' ny olom-pirenena tsirairay avy ny zo hanorin-tokantrano sy hamindra, amin' ny alàlan' ny fandovana, ny fananany.

And. 38. — Ny olom-pirenena mizaka tanteraka ny zony politika sy sivily, dia mahazo manorim-ponenana sy mivezivezy malalaka, araka ny fepetra tondroin' ny lalàna ao anatin' ny tanin' ny Firenena.

And. 39. — Ny tsy fombàn' ny Fanjakana na ny finoana atsy na ny finoana aroa no miantoka ny fahalalahana eo amin' ny fieritreretana sy ny finoana.

Malalaka ny fanompoam-pivavahana rahefa mifanaraka amin' ny lalàna ny fandaminana sy ny fanaovana azy.

And. 40. — Ny olom-pirenena mahafeno ny fepetra voalazan' ny lalàna dia manan-jò handatsa-bato sy hofidina.

And. 41. — Manana zo hianatra ny olom-pirenena rehetra. Ny fampijoroana ny fanabeazana fototra no isan' ny fomba entin' ny Fanjakana hampiharana izany fananan-jo izany.

Alaminy sy arahiny maso ny fampianarana. Tandroina mba hitovy ny fahazoan' ny olon-drehetra mianatra, miofana ara-draharaha sy manolokolo ny saina ka tsy hisy fameperana amin' izany afa-tsy ny fahaizana sy fahombiazan' ny tsirairay avy.

Miara-misalahy ny Fanjakana sy ny vondrom-bahoaka amin' ny fanabeazana sy ny fampianarana ny ankizy.

And. 42. — Mitovy fahamendrehana eo anivon' ny mpiara-belona ny olom-pirenena.

Iantohana ny olom-pirenena rehetra amin' ny tsy fahazoana manao an-keriny amin' ny tenany, ny fonenany sy ny tsiambaratelo amin' ny taratasy ifandefasany.

Tsy misy fisavan-toerana azo atao raha tsy misy lalàna milaza izany sy baiko vita an-tsoratra avy amin' ny mpitsara mahefa.

Tsy misy olona azo enjehina na samborina na tànana am-ponja raha tsy noho ny anton-javatra voafaritry ny lalàna ary araka ny fomba voalazany.

Tsy misy olona sazina raha tsy araka ny lalàna navoaka hanan-kery alohan' ny nanaovana ilay fihetsika mahavoasazy.

Tsy misy olona azo sazina indroa noho ny hadisoana tokana ihany.

Zo omen' ny lalàna ny olon-drehetra ny hitadiavany ny rariny sy ny hitsiny ary tsy vato misakana izany ny tsy fahampian' ny fidiram-bola aminy.

Iantohan' ny Fanjakana ny zom-piarovan-tena sy ny tsy azo hozongozonina eo anatrehan' ny antokom-pitsarana rehetra ary na aiza na aiza izany eo amin' ny fizotry ny ady.

FIZARANA III

NY FIRAFITRY NY FANJAKANA

And. 43. — Ireto avy no andrin' ny Repoblika Demokratika Malagasy :

— ny Filohan' ny Repoblika;
— ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana;

La dilapidation et le détournement des biens et deniers de l'Etat et des collectivités socialistes constituent, selon le cas, un délit ou un crime qui sera réprimé avec la dernière rigueur par la loi et pourra entraîner la déchéance des droits civils et politiques et la confiscation des biens de son auteur.

Art. 36. — L'Etat punit avec la plus grande sévérité quiconque nuit, par son fait ou par son omission, aux objectifs de la Révolution, à l'édification de l'économie socialiste ou à l'intérêt public.

Art. 37. — L'Etat protège la famille, la femme et l'enfant, et reconnaît à tout citoyen le droit de fonder une famille et de transmettre en héritage les biens personnels.

Art. 38. — Tout citoyen jouissant de la plénitude de ses droits civils et politiques, a le droit, dans les conditions fixées par la loi, de s'établir et de circuler librement en tout lieu du territoire national.

Art. 39. — La liberté de conscience et de religion est garantie par la neutralité de l'Etat vis-à-vis de toutes les croyances.

Les cultes s'organisent et fonctionnent librement en conformité avec la loi.

Art. 40. — Tout citoyen remplissant les conditions légales dispose du droit de vote et d'être élu.

Art. 41. — Tout citoyen a droit à l'instruction. L'Etat assure l'exercice de ce droit par l'organisation de l'éducation de base.

Il organise et surveille l'enseignement. Il veille à l'égal accès de tous à l'instruction, à la formation professionnelle et à la culture, sans autre limitation que l'aptitude de chacun.

L'Etat et les collectivités concourent à l'éducation et à l'instruction des enfants.

Art. 42. — Les citoyens jouissent de la même dignité sociale.

Tout citoyen est assuré de l'inviolabilité de sa personne, de son domicile et du secret de la correspondance.

Nulle perquisition ne peut avoir lieu qu'en vertu de la loi et sur ordre écrit émanant de l'autorité judiciaire compétente.

Nul ne peut être poursuivi, arrêté ou détenu que dans les cas déterminés par la loi et selon les formes qu'elle a prescrites.

Nul ne peut être puni qu'en vertu d'une loi promulguée et publiée antérieurement à la commission de l'acte punissable.

Nul ne peut être puni deux fois pour le même fait.

La loi assure à tous les hommes le droit de se faire rendre justice et l'insuffisance de ressources ne saurait y faire obstacle.

L'Etat garantit la plénitude et l'inviolabilité des droits de la défense devant toutes les juridictions et à tous les degrés de la procédure.

TITRE III

DE LA STRUCTURE DE L'ETAT

Art. 43. — Les institutions de la République Démocratique de Madagascar sont :

— le Président de la République;
— le Conseil Suprême de la Révolution;

— ny Antenimierampirenena entim-bahoaka;
— ny Governemanta;
— ny Komity Miaramila momba ny Fampandrosoana;
— ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàmpanorenana.

And. 44. — Ny lalàna no mamaritra ny foto-kevitra ankapobe ardaminana ny andrim-panjakana tsirairay avy sy anatanterahana ny tetibolany.

And. 45. — Ny lalàna no mamaritra ny fepetra amam-pomba anomezana onitra ireo olona voatendry na voafidy hanao asa na hisahana raharaha na hanatontosa iraka voalaza ato amin' ity Lalàmpanorenana ity.

FIZARANA IV

NY FAHEFAM-PITONDRANA

And. 46. — Ny Filohan' ny Repoblika sy ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana ary ny Governemanta no manana ny fahefam-pitondrana.

Laharàna voalohany

Ny Filohan' ny Repoblika

And. 47. — Ny Filohan' ny Repoblika no Filoham-panjakana. Izy no faratampony eo amin' ny fahefam-panjakana. Manampy azy ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana sy ny Governemanta.

Fidina hiasa fito taona ny Filohan' ny Repoblika amin' ny latsabato mivantana ataon' ny daholobe. Azo fidina indray izy.

And. 48. — Tsy maintsy mizaka ny zon' isam-batan' olona sy ny zo politika izay mirotsaka hisahana ny raharahan' ny Filohan' ny Repoblika ary feno 35 taona katroka amin' ny vaninandro anaovana ny latsabato. Ny lalàna no manondro ny fepetra hafa sy ny fombafomba fanolorana ny filatsahan-kofidina.

And. 49. — Fiantsoana avy amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana no anaovana ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika ka telopolo (30) andro raha haingana ary enimpolo (60) andro raha ela alohan' ny hitsaharan' ny raharaha nahavoafidy izay Filohan' ny Repoblika mbola eo am-perin' asa.

Eo amin' ny fihodinana voalohany dia mandeha amin' ny antsasamanilan' ny isan' ny mpandatsa-bato ny fifidianana. Raha tsy azo izany isa izany, dia eo amin' ny fihodinana faharoa no ifidianana ny Filohan' ny Repoblika ka izay be vato no lany amin' izy anankiroa nahazo vato be indrindra amin' ireo nilatsaka hofidina teo amin' ny fihodinana voalohany.

Alohan' ny handraisany raharaha dia mianiana toy izao eo anoloan' ny Firenena ny Filohan' ny Repoblika ary eo anatrehan' ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàmpanorenana : *«Ho an' ny Firenena sy ny Vahoaka dia mianiana aho fa hampiasa mandrakariva ny fahefana natolotra ahy, hitondrana ny Tany sy ny Fanjakana, hampitoviana zo sy sata ary fari-piainana ny Malagasy rehetra ary hampandrosoana lalandava ireo mpiray Tanindrazana amiko, ao anatin' ny firaisan-kina sy firahalahiana tsy misy avakavaka. Mianiana koa aho fa hanaja hatrany ny tombontsoam-pirenena, ny zon' olombelona ary ny lalàm-panjakana.*

«Tsy hikatsaka afa-tsy ny soa ho an' ny besinimaro aho ary hanokana ny heriko rehetra ho an' ny fanamafisana orina sy fiarovana ny tolom-piavotana sy ny fahaleovantena ary ny fiandrianam-pirenena».

— l'Assemblée Nationale Populaire;
— le Gouvernement;
— le Comité Militaire pour le Développement;
— la Haute Cour Constitutionnelle.

Art. 44. — Les principes généraux d'organisation de chaque institution et d'exécution de son budget sont déterminés par la loi.

Art. 45. — La loi détermine le montant, les conditions et les modalités des indemnités allouées aux personnalités appelées à exercer un mandat, à accomplir des fonctions ou à effectuer des missions prévus par la présente Constitution.

TITRE IV

DE L'EXECUTIF

Art. 46. — L'Exécutif est composé du Président de la République, du Conseil Suprême de la Révolution et du Gouvernement.

Sous-titre premier

Du Président de la République

Art. 47. — Le Président de la République est le Chef de l'Etat. Il est l'organe Suprême du pouvoir d'Etat. Il est assisté du Conseil Suprême de la Révolution et du Gouvernement.

Le Président de la République est élu pour 7 ans au suffrage universel direct. Il est rééligible.

Art. 48. — Tout candidat aux fonctions de Président de la République doit jouir de ses droits civils et politiques et avoir trente-cinq ans révolus à la date du scrutin. Les autres conditions et les modalités de présentation des candidatures sont fixées par la loi.

Art. 49. — L'élection du Président de la République a lieu sur convocation du Conseil Suprême de la Révolution trente jours au moins et soixante jours au plus avant l'expiration du mandat du Président de la République en exercice.

L'élection a lieu au premier tour à la majorité absolue des votants. Si celle-ci n'est pas obtenue, le Président de la République est élu au second tour à la majorité relative parmi les deux candidats ayant recueilli le plus grand nombre de suffrages au premier tour.

Avant son entrée en fonction, le Président de la République prête, devant la Nation et en présence de la Haute Cour Constitutionnelle, le serment suivant : *«Ho an' ny Firenena sy ny Vahoaka, dia mianiana aho fa hampiasa mandrakariva ny fahefana natolotra ahy hitondrana ny Tany sy ny Fanjakana, hampitoviana zo sy sata ary fari-piainana ny Malagasy rehetra, ary hampandrosoana lalandava ireo mpiray Tanindrazana amiko, ao anatin' ny firaisan-kina sy ny firahalahiana tsy misy avakavaka. Mianiana koa aho fa hanaja hatrany ny tombontsoam-pirenena, ny zon' olombelona ary ny lalàm-panjakana.*

«Tsy hikatsaka afa-tsy ny soa ho an' ny besinimaro aho, ary hanokana ny heriko rehetra ho an' ny fanamafisana orina sy fiarovana ny tolom-piavotana sy ny fahaleovantena ary ny fiandrianam-pirenena.»

And. 50. — Raha sendra banga ny toerana na tsy azompanafana ny sampona ka nohamarinin' ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàmpanorenana ny fototr' izany, dia miara-misahana vonjimaika ny raharahan' ny Filohan' ny Repoblika ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana tarihin' ny zokiolona ao aminy. Ny Governemanta no mikarakara ny fampandehanana ny raharaha fanao andavanandro.

Amin' ireo fe-potoana tondroin' ny andininy faha-49 etsy ambony no anaovana ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika.

And. 51. — Raha sampona tsy maharitra ela no mahazo ny Filohan' ny Repoblika, dia ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana tarihin' ny zokiolona ao aminy no miara-misahana ny raharahany.

And. 52. — Tsy azo ampirafesina amin' ny raharaham-panjakana hafa nahavoafidy na amin' ny fisahanana anton-draharaha hafa ny fanaovana ny raharahan' ny Filohan' ny Repoblika.

And. 53. — Ny Filohan' ny Repoblika no mitantana ny tetipitondrana ataon' ny Fanjakana araka ny nanoritana azy ao amin' ny Fototra iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy.

Izy no mitandro ny fanatanterahana ny didim-pitsarana.

Izy sy ny mambra ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no manolotra ny volavolan-dalàna.

Izy no Filohan' ny fitondran-draharaham-panjakana.

Izy no Filohan' ny antokon-tafika rehetra sy ny mpitandro ny filaminana eto an-toerana ary tompon' andraikitra amin' ny fiarovana ny firenena.

Izy no miantoka ny fahaleovantenam-pirenena sy ny maha-iray tsy anombinana ny tanindrazana.

Izy no miantoka ny fitanana hatrany ny filaminana sy ny fisorohana ny loza tsy hihatra amin' ny besinimaro.

Izy no manendry sy mampody ny ambasadaoro mbamin' izay iraka noho ny antony manokana avy amin' ny Repoblika Demokratika Malagasy any amin' ny Fanjakana hafa sy ny Fikambanana iraisam-pirenen-tsamihafa. Izy no mandray ny taratasy fanendrena sy fampodiana ny masoivohon' ny Fanjakana sy ny Fikambanana iraisam-pirenen-tsamihafa ankatoavin' ny Repoblika Demokratika Malagasy.

Izy no mifampiraharaha sy mankatô ny Fifanekena amin' ny any ivelany.

Izy no manendry amin' ny asam-panjakana ambaratonga ambony. Azony afindra amin' ny Praiminisitra izany fahefana izany ary azon' io ampitaina amin' ny hafa koa.

Izy no manana fahefana hamindra fo amin' ireo voasazy.

Izy no manolotra ny mari-boninahitry ny Repoblika Demokratika Malagasy.

And. 54. — Ny Filohan' ny Repoblika no mamoaka ny lalàna ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro aorian' ny nampitan' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ny lalàna laniera tanteraka.

Azony angatahina, alohan' ny hahataperan' izany fe-potoana izany, ny hamerenan' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka indray ny fandinihana ilay lalàna na ny andininy sasantsasany ao aminy.

Lahatana II

Ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana

And. 55. — Mpitandro ny Revolisiona Sosialista Malagasy ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana.

Art. 50. — En cas de vacance ou d'empêchement définitif constaté par la Haute Cour Constitutionnelle, les fonctions de Président de la République sont provisoirement et collégialement exercées par le Conseil Suprême de la Révolution présidé par le doyen d'âge. Le Gouvernement assure l'expédition des affaires courantes.

L'élection du nouveau Président se fait dans les délais prévus à l'article 49 susvisé.

Art. 51. — En cas d'empêchement temporaire du Président de la République, ses fonctions sont assurées collégialement par le Conseil Suprême de la Révolution présidé par le doyen d'âge.

Art. 52. — Les fonctions de Président de la République sont incompatibles avec toute autre fonction publique élective et toute autre activité professionnelle.

Art. 53. — Le Président de la République conduit la politique de l'Etat telle qu'elle est définie par la Charte de la Révolution Socialiste Malagasy.

Il veille à l'exécution des décisions de justice.

Il a l'initiative des lois concurremment avec les membres de l'Assemblée Nationale Populaire.

Il est le Chef de l'administration.

Il est le Chef de toutes les armées et des forces intérieures de police et est responsable de la défense nationale.

Il est garant de l'indépendance nationale et de l'intégrité territoriale.

Il est garant du maintien de l'ordre et de la sécurité publiques.

Il accrédite et rappelle les ambassadeurs et envoyés extraordinaires de la République Démocratique de Madagascar auprès des autres Etats et des Organisations internationales. Il reçoit les lettres de créances et de rappel des représentants des Etats et Organisations internationales reconnus par la République Démocratique de Madagascar.

Il négocie et ratifie les Traités.

Il nomme aux hauts emplois de l'Etat. Il peut déléguer ce pouvoir au Premier Ministre avec faculté de subdélégation.

Il exerce le droit de grâce.

Il confère les décorations de la République Démocratique de Madagascar.

Art. 54. — Le Président de la République promulgue les lois dans les quinze jours qui suivent la transmission par l'Assemblée Nationale Populaire de la loi définitivement adoptée.

Il peut, avant l'expiration de ce délai, demander à l'Assemblée une nouvelle délibération de la loi ou de certains de ses articles.

Sous-titre II

Du Conseil Suprême de la Révolution

Art. 55. — Le Conseil Suprême de la Révolution est le gardien de la Révolution Socialiste Malagasy.

And. 56. — Eo am-pivorian' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana, ny Filohan' ny Repoblika no :

— manapaka ny soritr' asa hanatanterahana ny Fototra iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy ary mamaritra ny toro-làlana ankapobe atolotra ny Governemanta;

— mamolavola ny foto-kevitra handaminana ny fiarovam-pirenena ka mandray anjara amin' izany ny Komity Miaramila momba ny Fampandrosoana;

— miantso ny Antenimierampirenena entim-bahoaka hivory;

— mandrava ny Antenimierampirenena entim-bahoaka araka ny andininy faha-78 manaraka ity ary manondro ny vaninandro hanaovana ny fifidianana vaovao;

— mamoaka ny hitsivolana fitantanam-bola rahefa tsy nolanian' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka tamin' ny fe-potoana voadidy ny lalàna fitantanam-bola;

— manao lalàna amin' ny hitsivolana ka tovanana ny sonian' ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana rahefa nambara an-karihary teo am-pivorian' ny Minisitra ka nakana ny hevitry ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàm-panorenana fa tojo fotoam-pahamaizana na mijoro ny satan' ny firenena latsaka an-katerena;

— manao lalàna amin' ny hitsivolana ka tovanana ny sonian' ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana amin' ny vaninandro manelanelana ny fotoam-pivorian' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka araka ireo fombafomba voalaza ao amin' ny fizarana faha-V. Izany hitsivolana mihatra avy hatrany izany anefa dia aroso hankatoavin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka amin' izay fotoam-pivoriany manaraka;

— manapa-kevitra amin' ny fampisafidianam-bahoaka momba izay volavolan-dalàna mikasika ny fandaminana ankapobe ny fanjakana na ny safidy fototra.

And. 57. — Manampy ny Filohan' ny Repoblika ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana amin' ny fiheverana sy ny fitarihan- dàlana ary ny fanaraha-maso ny teti-pitondrana ankapobe ataon' ny Fanjakana.

Ataony andri-maso ny fiandrianam-pirenena mba ho hajaina sy tsy ho voatohintohina na eto an-toerana na any ivelany.

And. 58. — Ny Filohan' ny Repoblika no Filohan' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana ka izy no manendry ny androatokon' ny mambra ao aminy. Ny ampahatelony sisa dia fantenan' ny Filohan' ny Repoblika amin' ny lisitra mitondra ny anaran' izay olona aroson' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

Ny lalàna no manondro ny isan' ireo mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana sy ny fepetra anendrena azy ireo.

Ny Filohan' ny Repoblika no mampitsahatra azy ireo amin' ny asany.

And. 59. — Tsy azo ampirafesina amin' ny raharaham-panjakana nahavoafidy na amin' ny fisahanana anton-draharaha hafa ny fanaovana ny raharahan' ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana.

Miara-mitsahatra amin' ny raharaha naha-voafidy ny Filohan' ny Repoblika ny fanaovana ny asan' ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana.

Azo averina indray amin' ny raharahany izy ireo.

Raha sendra banga ny toerana na raha tsy azom-panàfana ny sampona manjo ny mambra anankiray ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana dia atao ny fanoloana azy araka izay voalazan' ny lalàna.

Art. 56. — En Conseil Suprême de la Révolution, le Président de la République :

— arrête le programme d'exécution de la Charte de la Révolution Socialiste Malagasy et fixe les directives générales destinées au Gouvernement;

— élabore les principes d'organisation de la défense nationale avec la participation du Comité Militaire pour le Développement;

— convoque les sessions de l'Assemblée Nationale Populaire;

— dissout l'Asemblée Nationale Populaire en vertu de l'article 78 ci-après et fixe la date des nouvelles élections;

— prend l'ordonnance de finances lorsque la loi de finances n'est pas votée par l'Assemblée Nationale Populaire dans le délai légal;

— légifère par voie d'ordonnances contresignées par les membres du Conseil Suprême de la Révolution, lorsque la situation d'urgence ou l'état de nécessité a été proclamé en conseil des Ministres après avis de la Haute Cour Constitutionnelle;

— légifère par voie d'ordonnances contresignées par les membres du Conseil Suprême de la Révolution entre les sessions de l'Assemblée Nationale Populaire selon les modalités prévues au titre V. Ces ordonnances applicables immédiatement sont toutefois soumises pour ratification de l'Assemblée Nationale Populaire à sa prochaine session;

— a l'initiative du référendum pour tout projet de loi sur l'organisation générale de l'Etat ou les options fondamentales.

Art. 57. — Le Conseil Suprême de la Révolution assiste le Président de la République dans la conception, l'orientation et le contrôle de la politique générale de l'Etat.

Il veille à la sauvegarde et au respect de la souveraineté nationale tant à l'intérieur qu'à l'extérieur.

Art. 58. — Le Président de la République est de droit le Président du Conseil Suprême de la Révolution dont il nomme les deux tiers des membres. Le dernier tiers est choisi par le Président de la République sur une liste de personnalités présentée par l'Assemblée Nationale Populaire.

Le nombre des membres du Conseil Suprême de la Révolution et les conditions de nomination sont déterminés par la loi.

Le Président de la République met fin à leurs fonctions.

Art. 59. — Les fonctions de membre du Conseil Suprême de la Révolution sont incompatibles avec toute autre fonction publique élective ou toute autre activité professionnelle.

Les fonctions de membre du Conseil Suprême de la Révolution prennent fin normalement avec le mandat du Président de la République.

Ils peuvent être reconduits.

En cas de vacance ou en cas d'empêchement définitif d'un membre du Conseil Suprême de la Révolution, il est pourvu à son remplacement conformément à la loi.

Laharana III

Ny Governemanta

And. 60. — Ny Governemanta no fitondran-draharaham-panjakana ambony ka manatanteraka ny teti-pitondrana ataon' ny Fanjakana araka ny toro-làlana ankapobe tapaky ny Repoblika eo am-pivorian' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana.

Tompon' andraikitra eo anatrehan' ny Filohan' ny Repoblika izy ka aminy no anaovany tatitra momba ny asa sahaniny.

And. 61. — Ny Filohan' ny Repoblika no manendry ny Praiminisitra rahefa nifandinika tamin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana. Araka ny tolo-kevitra avy amin' ny Praiminisitra no anendreny ireo mambra hafa ao amin' ny Governemanta. Ny Filohan' ny Repoblika no mampitsahatra amin' ny asany ny mambra ao amin' ny Governemanta.

Ny Praiminisitra, Lehiben' ny Governemanta, dia mambra avy hatrany ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana.

Ny Filohan' ny Repoblika no mitarika ny Fivorian' ny Minisitra.

And. 62. — Eo am-pivorian' ny Minisitra, ny Filohan' ny Repoblika ampian' ny Praiminisitra izay azony amindrana ny fahefany sasantsasany, no :

— mampiasa ny fahefany hanao didy sy fitsipika ary mitandro ny fanatanterahana ny lalàna;
— manentana sy mandrindra ny fanatanterahana izay tetika ankapobe hitondrana ny Fanjakana, notapahina teo am-pivorian' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana;
— manapaka ny volavolan-dalàna aroso amin' ny Antenimieram-pirenena entim-bahoaka rahefa nila hevitra tamin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana;
— mamoaka didy sy fitsipika hampiharana ny toro-làlana avy amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana sy hanatanterahana ny lalàna;
— mamolavola ny planina ankapobe hampandrosoana ny toekarena sy ny fiaraha-monina;
— mampiasa ny anjara fahefany hafa izay tsy maintsy hakana hevitra amin' ny Filan-kevitry ny Minisitra araka ity Lalàmpanorenana ity sy ireo lalàna manan-kery;
— manambara ampahibemaso fa tojo fotoam-pahamaizana na latsaka an-katerena ny firenena, na ajoro ny lalà-miaramila amin' ny tany misy hotakotaka raha ilaina izany noho ny fandehan-javatra, na hiarovana ny Repoblika Demokratika Malagasy sy ny filaminan' ny Tany sy ny Fanjakana.

And. 63. — Ny Praiminisitra no mitarika ny asa sahanin' ny Governemanta ary miadidy ny fandrindrana ny raharaha ataon' ny departemantan' ny minisitera.

Izy no miantoka ny fanatanterahana ny lalàna sy ny didy amam-pitsipika ary mampiasa ny fitondran-draharaham-panjakana izy amin' izany.

Izy no miantoka ny fisorohana ny loza tsy hihatra amin' ny vahoaka sady miantoka ny fitandroana ny filaminana.

Izy no mampiasa ny fahefana hanao didy amam-pitsipika afa-tsy amin' izay anton-javatra anisan' ny faritra sahanin' ny didim-panjakana ary indrindra raha tsy dikaina ny fepetra voalazan' ny andininy faha-56 sy faha-37 etsy aloha.

Azony afindra amin' ny Minisitra ny fahefany sasantsasany izay azon' izy ireo ampitaina amin' ny hafa indray. Izy no mitarika ny Fivorian' ny Kabinetra izay atrehin' ny Minisitra.

And. 64. — Ny didim-panjakana ataon' ny Filohan' ny Repoblika dia tovanana ny sonian' ny Praiminisitra sy izay Minisitra miadidy ny fanatanterahana azy.

Sous-titre III

Du Gouvernement

Art. 60. — Le Gouvernement, organe supérieur de l'Administration de l'Etat, exécute la politique de l'Etat conformément aux directives générales arrêtées par le Président de la République en Conseil Suprême de la Révolution.

Il est responsable devant le Président de la République à qui il rend compte de son activité.

Art. 61. — Le Président de la République nomme le Premier Ministre après consultation du Conseil Suprême de la Révolution. Sur proposition du Premier Ministre, il nomme les autres membres du Gouvernement. Le Président de la République met fin aux fonctions des membres du Gouvernement.

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement, est membre de droit du Conseil Suprême de la Révolution.

Le Président de la République préside le Conseil des Ministres.

Art. 62. — En conseil des Ministres, le Président de la République, assisté du Premier Ministre auquel il peut déléguer certains de ses pouvoirs :

— exerce le pouvoir réglementaire et veille à l'exécution des lois;

— anime, coordonne l'exécution de la politique générale de l'Etat arrêtée en Conseil Suprême de la Révolution;

— arrête les projets de loi à soumettre à l'Assemblée Nationale Populaire après avis du Conseil Suprême de la Révolution;

— décrète les dispositions réglementaires d'application des directives du Conseil Suprême de la Révolution et d'exécution des lois;
— élabore le plan général de développement économique et social;

— exerce les autres attributions pour lesquelles la consultation du Conseil des Ministres est obligatoire en vertu de la présente Constitution et des lois particulières;
— proclame la situation d'urgence ou l'état de nécessité nationale ou la loi martiale lorsque les circonstances l'exigent ou, pour la défense de la République Démocratique de Madagascar, l'ordre public et la sécurité de l'Etat.

Art. 63. — Le Premier Ministre dirige l'action du Gouvernement et assume la coordination des activités des départements ministériels.

Il assure l'exécution des lois et règlements et dispose de l'administration à cette fin.

Il assure la sécurté publique et le maintien de l'ordre.

Il exerce le pouvoir réglementaire, sauf en ce qui concerne les matières qui relèvent du domaine du décret et notamment sous réserve des dispositions des articles 56 et 57 ci-dessus.

Il peut déléguer certains de ses pouvoirs aux Ministres avec faculté de subdélégation. Il préside le Conseil de Cabinet auquel assistent les Ministres.

Art. 64. — Les décrets pris par le Président de la République sont contresignés par le Premier Ministre et les Ministres chargés de leur exécution.

FIZARANA V

NY AMIN' NY ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA

And. 65. — Ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no fahefana faratampony namindran' ny vahoaka ny fahefana manao lalàna.

Solombavambahoakan' ny Repoblika Demokratika Malagasy no anarana entin' ny mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

Dimy taona no fe-potoam-piasana ifidianan' ny daholobe azy ireo mivantana.

Ny lalàna no mametra ny isan' ny mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, ny fepetra ahazoana milatsaka hofidina, ny fifehezana ny asa aman-draharaha tsy azo ampirafesina amin' ny maha-solombavambahoaka, ny fepetra mikasika ny fanonganana azy ireo mbamin' izay fomba hifidianana ny olona asaina misolo azy raha sendra misy fahabangan-toerana mandra-panavaozana ny Antenimiera.

Ny lalàna koa no manondro ny fepetra ahazoan' ny mpifidy manara-maso ny solombavambahoaka sy manongana azy ireo.

And. 66. — Tsy misy solombavambahoaka azo torina, na enjehina, na samborina na ampidirina am-ponja, na tsaraina noho ny hevitra naposany na noho ny latsabato nataony teo amin' ny asany na teo am-panaovana ny raharahany.

And. 67. — Solontenan' ny firenena manontolo ny solombavambahoaka.

Zo manara-tena ny fahafahana mandatsa-bato. Na dia izany aza anefa, dia azo atao ny mamindra io zo io araka ny fepetra sy ny fombafomba voadidin' ny lalàna. Ny solombavambahoaka iray dia tsy mahazo mandray famindram-pahefana handatsa-bato mihoatra ny iray.

And. 68. — Fidina isan-taona eo amin' ny fiandohan' ny fotoam-pivoriana voalohany ny Filoha sy ny mpikambana ao amin' ny biraon' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka. Azo fidina foana izy ireo isaky ny misy fanavaozana.

And. 69. — Mivory ara-potoana indroa maka isan-taona ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

Ny Filohan' ny Repoblika, eo amin' ny fivorian' ny Filankevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana, no mametra ny vaninandro fiantsoana. Tsy azo atao latsaka ny telopolo andro na mihoatra ny enimpolo andro ny faharetan' ny fotoam-pivoriana tsirairay avy. Ny fotoam-pivoriana voalohany dia mifarana alohan' ny folo jolay ary mirava alohan' ny folo desambra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra handaniana ny lalàna mikasika ny volam-panjakana.

Ny Filohan' ny Repoblika, eo amin' ny fivorian' ny Filankevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana, sy ny androatokon' ny solombavambahoaka dia samy mahazo mangataka fivoriana tsy ara-potoana hataon' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka araka ny fandaharan-draharaha voafetra.

Raha ny solombavambahoaka no nangataka fotoam-pivoriana tsy ara-potoana dia faranana amin' ny alàlan' ny didim-panjakana ny fivoriana raha vantany vao tapitra nodinihin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ny fandaharan-draharaha niantsoana azy, ka raha ela indrindra dia roa ambin' ny folo andro aorian' ny andro nanokafana io famaranana io.

Tsy azo antsoina hivory tsy ara-potoana ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, noho ny fangatahan' ny mpikambana ao aminy ao anatin' ny iray volana manaraka ny famaranana ny fotoam-pivoriana farany.

TITRE V

DE L'ASSEMBLEE NATIONALE POPULAIRE

Art. 65. — L'Assemblée Nationale Populaire est l'organe d'Etat, délégataire suprême du pouvoir législatif populaire.

Les membres de l'Assemblée Nationale Populaire portent le titre de députés de la République Démocratique de Madagascar.

Ils sont élus pour cinq ans au Suffrage universel direct.

La loi fixe le nombre des membres de l'Assemblée Nationale Populaire, les conditions d'éligibilité, le régime des incompatibilités et de déchéance ainsi que les conditions dans lesquelles sont élues les personnes appelées à assurer en cas de vacance le remplacement des députés jusqu'au renouvellement de l'Assemblée.

La loi fixe également les conditions de contrôle de révocation d'un député par électeurs.

Art. 66. — Aucun député ne peut être poursuivi, recherché, arrêté, détenu ou jugé en raison des opinions ou vote émis par lui dans l'exercice ou à l'occasion de l'exercice de ses fonctions.

Art. 67. — Le mandat des députés est national.

Le droit de vote est personnel. Toutefois, la délégation de ce droit est permise dans les conditions et suivant les modalités fixées par la loi. Aucun député ne peut recevoir plus d'une délégation de droit de vote.

Art. 68. — Le Président de l'Assemblée Nationale Populaire et les membres du bureau sont élus chaque année au début de la première session. Ils sont rééligibles.

Art. 69. — L'Assemblée Nationale Populaire se réunit en deux sessions ordinaires par an.

Les dates de convocation sont fixées par le Président de la République en Conseil Suprême de la Révolution. La durée de chaque session ne peut être ni inférieure à trente jours, ni supérieure à soixante jours. La première session se termine avant le dix juillet et la seconde session consacrée principalement à l'adoption de la loi de finances avant le dix décembre.

L'Assemblée Nationale Populaire est réunie en session extraordinaire sur un ordre du jour déterminé, à l'initiative du Président de la République prise en Conseil Suprême de la Révolution ou à la demande des deux tiers de ses membres.

Lorsque la session extraordinaire a lieu à la demande des députés, le décret de clôture intervient dès que l'Assemblée Nationale Populaire a épuisé l'ordre du jour pour lequel il a été convoqué et au plus tard douze jours après celui de la première séance.

L'Assemblée Nationale Populaire ne peut être convoquée en session extraordinaire à la demande de ses membres dans le mois qui

And. 70. — Ampahibemaso ny fivoriana ataon' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ary anaovana fitànana an-tsoratra izay avoaka ho fantatry ny besinimaro araka ny fepetra voalazan' ny lalàna. Mivory tsy ampahibemaso ny Antenimierampirenena entim-bahoaka raha toa angatahin' ny Governemanta na ny ampahefatry ny mambra ao aminy izany.

And. 71. — Ny lalàna no manondro ny foto-kevitra ankapobe mikasika ny fandaminana ny Antenimierampirenena entim-bahoaka sy ny fomba fiasany fa ny fitsipika an-tokantrano kosa no mamaritra ny fombafomba fampiharana ireo foto-kevitra ankapobe ireo.

Ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no manao sy mandany ny fitsipika an-tokantranony.

And. 72. — Ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no mandany ny lalàna araka ny fepetra voalazan' ity fizarana ity.

Ankoatr' ireo anton-javatra ampisahanin' ny andininy hafa amin' ny Lalàmpanorenana azy, dia :

I. — Ny lalàna no mametra :

a. Ny fitsipika mikasika :

— ny zon' olom-pirenena sy ny antoka fototra omena ny tsirairay hampiasany ny fahalalahana, ny zo, sy ny adidy aman' andraikitra ajoron' ity Lalàmpanorenana ity :

— ny fanerena takian' ny fiarovam-pirenena amin' ny vatan-tenan' ny olom-pirenena sy ny fananany;

— ny zom-pirenena, ny fandaminana ny fianakaviana, ny sata sy ny fizakan-jon' ny isam-batan' olona, ny fehim-panambadiana, ny fandovàna ary ny fahalalahan-tànana;

— ny famaritana ny heloka bevava sy ny heloka tsotra, ny sazy ampiharina amin' izany, ny paika ady heloka ary ny famotsoran-keloka;

— ny fananganana na fanovana ny lafim-pitsarana, ny fahefana tandrify azy avy, ary ny fitsipika mikasika ny paika tsy maintsy arahina;

— ny satan' ny mpitsara sy ny mpitsara fidim-bahoaka ary koa ny fiantohana ny fahaleovantenany.

b. Ny fitsipika mikasika :

— ny fombafombam-pifidianana ny antenimieran' ny vondrom-bahoaka nitsinjaram-pahefana, ny fandaminana azy amin' ny ankapobeny ary ny fomba fiasany;

— ny fomba mety hanesorana amin' ny tompony ny fananany, na ny fampiasana azy tsy azo lavina fa ilain' ny besinimaro, na ny famerenana ny fananany amin' ny Fanjakana noho ny fandaozana na noho ny tsy fikarakarana azy;

— ny fototra hamerana ny hetra isan-karazany, ny lanjany ary ny fomba famoriana azy.

II. — Ny lalàna no manoritra ny foto-kevitra jorenan' :

— ny fandaminana ny fiarovam-pirenena;

— ny satan' ny mpiasam-panjakana sivily sy miaramila, ny mpandraharaham-panjakana, ny mpandraharahan' ny vondrom-bahoaka nitsinjaram-pahefana ary ny tranon' asa miankina amin' ny Fanjakana;

— ny fanefa tsotra sy ny fanefan' ny raharaham-barotra;

— ny fifampitondrana ara-dalàna eo amin' ny fifandraisan' ny mpiasa sy ny mpampiasa ary ny zo zakain' ny sendikà;

— ny fampianarana sy ny fiofanana ara-draharaha;

— ny fandaminana ny raharaha mahaleotena.

Art. 70. — Les séances de l'Assemblée Nationale Populaire sont publiques. Il en est tenu procès-verbal dont la publicité est assurée dans les conditions prévues par la loi. L'Assemblée Nationale Populaire siège à huis clos à la demande du Gouvernement ou d'un quart de ses membres.

Art. 71. — Les principes généraux relatifs à l'organisation et au fonctionnement de l'Assemblée Nationale Populaire sont fixés par la loi, les modalités d'application étant arrêtées par le règlement intérieur.

L'Assemblée Nationale Populaire établit et vote son règlement intérieur.

Art. 72. — La loi est votée par l'Assemblée Nationale Populaire dans les conditions prévues au présent titre.

Outre les questions qui lui sont renvoyées par d'autres articles de la Constitution :

I. — La loi fixe :

a. Les règles relatives :

— les droits civiques et les garanties fondamentales accordées aux personnes pour l'exercice des libertés, droits, obligations et devoirs consacrés par la présente Constitution;

— les sujétions imposées par la défense nationale aux citoyens en leur personne et leurs biens;

— la nationalité, l'organisation de la famille, l'état et la capacité des personnes, les régimes matrimoniaux, les successions et les libéralités;

— la détermination des crimes et délits ainsi que les peines qui leur sont applicables, la procédure pénale et l'amnistie;

— la création ou la modification des ordres de juridiction, leurs compétences respectives et les règles de procédure applicables;

— le statut des magistrats et des juges populaires ainsi que les garanties de leur indépendance.

b. Les règles relatives :

— aux modalités d'élection, à l'organisation générale et au fonctionnement des assemblées des collectivités décentralisées;

— aux conditions dans lesquelles les biens peuvent faire l'objet d'expropriation ou de réquisition pour cause de nécessité publique ou de récupération pour cause d'abandon ou de non-exploitation;

— à l'assiette, au taux et aux modalités de recouvrement des impositions de toutes natures.

II. — La loi détermine les principes fondamentaux :

— de l'organisation de la défense nationale;

— du statut des fonctionnaires civils et militaires et des agents publics de l'Etat, des collectivités décentralisées et des établissements publics;

— du régime juridique des obligations civiles et commerciales;

— du cadre juridique des relations de travail et du droit syndical;

— de l'enseignement et de la formation professionnelle;

— de l'organisation des professions libérales.

III. — Araka ny Fototra iorenan' ny Revolisiona no anatoavan' ny lalàna ny teti-pivoarana momba ny fampandrosoana eto amin' ny firenena.

IV. — Ny lalàna fitantanam-bola no mamaritra ny vola miditra amin' ny Fanjakana sy ny tsy maintsy efainy.

V. — Ny lalàna no mamaritra ny fetran' ny fahalalahan' ny besinimaro sy ny an' ny isam-batan' olona mandritra ny fotoana isian' ny toe-javatra manokana.

VI. — Tsy maintsy lalàna no anamafisana na ankatoavana ny fifanekem-pihavanana, ny fifanekem-barotra, ny fifanekena na fifanarahana mikasika ny fikambanana iraisam-pirenen-tsamihafa, ireo izay mampiditra andraikitra hoefaina amin' ny volam-panjakana, ireo izay manova ny fepetra miendrika lalàna, ireo izay mikasika ny fitoetry ny olona, ny fifanekena tsy hifanafika, ireo izay misy famindran-tompo, fifanakalozana na fakàna tany fanampiny. Tsy misy vokany izany raha tsy efa nekena na nankatoavina.

Alohan' ny hanekena azy dia atolotra hohamarinin' ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàmpanorenana raha mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana izy ireny.

And. 73. — Ny anton-javatra hafa noho ireo tafiditra amin' ny faritra sahanin' ny lalàna dia mifandraika amin' ny didy amampitsipika.

Izay fepetra rehetra navoaka ka miendrika lalàna momba ireny anton-javatra ireny dia azo ovàna amin' ny alalan' ny didim-panjakana izay avoaka rahefa nilaza ny heviny ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàmpanorenana.

And. 74. — Samy manam-pahefana hanolotra volavolan-dalàna na ny Filohan' ny Repoblika na ny solombavambahoaka.

Tapahina ao amin' ny Fivorian' ny Minisitra ny volavolan-dalàna rehetra afa-tsy ireo izay mikasika ny fandaminana ny fiarovam-pirenena rahefa nakana ny hevitry ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana, ary atolotra ny biraon' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

Mahazo manao soso-kevitra ny solombavambahoaka sy ny Governemanta.

Ampahafantarina ny Filohan' ny Repoblika sy ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana ary ny Governemanta ny tolo-dalàna sy ny soso-kevitra ataon' ny solombavambahoaka. Tsy azo raisina izy ireny raha fampihenana ny fidiram-bolam-panjakana na famoronana na fampitomboana ny vola mivoaka amin' ny Fanjakana no vokatry ny fandaniana azy. Tsy ampiharina amin' ny lalàna fitantanam-bola ireo fepetra ireo.

And. 75. — Eo amin' ny fotoam-pivoriana faharoa no andinihan' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ny lalàm-pitantanana ny volam-panjakana. Izay soso-kevitra atao amin' ny tetibola novola-volaina ka mampitombo ny fandaniana na mampihena ny loharanon-karem-panjakana dia tsy maintsy tovonana tolo-kevitra hanondrotana ny fidiram-bola na hanaovana fitsitsiana mitovy lanja amin' izany.

Latsabato mahafaobe ny fitambaran' ny volavolan-dalàna nataon' ny Governemanta no andaniana ny lalàm-pitantanana ny volam-panjakana.

Raha toa mifarana ny fivoriana nefa mbola tsy vita latsabato io volavolan-dalàna io dia azon' ny Filohan' ny Repoblika avoaka hanan-kery, amin' ny alàlan' ny hitsivolana, ny fepetra voalazan' izany volavolan-dalàna izany, ka atambany amin' izany ny soso-kevitra iray na maromaro nolanian' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

III. — La loi, en conformité avec la Charte, approuve le plan développement national.

IV. — Les lois de finances déterminent les ressources et les charges de l'Etat.

V. — La loi détermine les limitations des libertés publiques et individuelles durant les situations d'exception.

VI. — Les traités d'alliance, les traités de commerce, les traités ou accords relatifs à l'organisation internationale, ceux qui engagent les finances de l'Etat, ceux qui modifient les dispositions de nature législative, ceux qui sont relatifs à l'état des personnes, les traités de paix, ceux qui comportent cession, échanges ou adjonction de territoire ne peuvent être ratifiés ou approuvés qu'en vertu d'une loi. Ils ne prennent effet qu'après avoir été ratifiés ou approuvés.

Avant leur ratification, les traités sont soumis au contrôle de constitutionnalité de la Haute Cour Constitutionnelle.

Art. 73. — Les matières autres que celles qui sont du domaine de la loi ont un caractère réglementaire.

Toutes dispositions prises en la forme législative sur ces matières peuvent être modifiées par décret pris après avis conforme de la Haute Cour Constitutionnelle.

Art. 74. — L'initiative de la loi appartient concurrement au Président de la République et aux députés.

Les projets de loi, à l'exception de ceux concernant l'organisation de la défense nationale, sont arrêtés en Conseil des Ministres, après avis du Conseil Suprême de la Révolution et déposés sur le bureau de l'Assemblée Nationale Populaire.

Les députés et le Gouvernement ont le droit d'amendement.

Les propositions de lois et amendements formulés par les députés sont portés à la connaissance du Président de la République, du Conseil Suprême de la Révolution et du Gouvernement. Ils ne sont pas recevables lorsque leur adoption a pour conséquence soit la diminution des ressources publiques soit la création ou l'aggravation des charges de l'Etat. Ces dispositions ne s'appliquent pas aux lois de finances.

Art. 75. — L'Assemblée Nationale Populaire examine la loi de finances au cours de sa deuxième session. Tout amendement au projet de budget entraînant un accroissement des dépenses ou une diminution des ressources publiques doit être accompagné d'une proposition d'augmentation de recette ou d'économie équivalentes.

La loi de finances est adoptée par un vote bloqué, portant sur l'ensemble du projet gouvernemental.

Si, à la clôture de la session, ce projet n'est pas voté, le Président de la République peut, par ordonnance, promulguer ses dispositions en y incluant un ou plusieurs des amendements adoptés par l'Assemblée Nationale Populaire.

FIZARANA VI

NY FIFANDRAISAN' NY FAHEFAM-PITONDRANA SY NY ANTENIMIERAMPIRENENA ENTIM-BAHOAKA

And. 76. — Amin' ny alàlan' ny fanambarana tsy arahina adihevitra no ifandraisan' ny Filohan' ny Repoblika amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

Afa-manatrika ny fivorian' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana sy ao amin' ny Governemanta ka henoina izy raha mangataka hiteny. Azony atao ny mitondra olona manampahaizana hanampy azy.

And. 77. — Amin' ny vaninandro manelanelana ny fotoam-pivoriana dia azon' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana atao ny mamoaka fepetra mikasika ny faritra sahanin' ny lalàna, amin' ny alàlan' ny hitsivolana.

Izany hitsivolana izany anefa, izay manan-kery avy hatrany raha vao avoaka ho fantatry ny be sy ny maro, dia tsy maintsy atolotra hankatoavin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka raha vao misokatra ny fotoam-pivoriana manaraka.

And. 78. — Ny Praiminisitra no manolotra amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ny fandaharan' asa ankapobe ataon' ny Governemantany. Manana fahefana hanao soso-kevitra ny solombavambahoaka araka ny fepetra soritan' ny lalàna. Rahefa lany era ny fandaharan' asa ankapobe dia tsy azon' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka iverenena intsony.

Raha heverin' ny Governemanta anefa, fa noho ny toe-javatra mitranga eo am-panatanterahana, fa tokony hasiam-panovàna ifotony ny fandaharan' asa ankapobe efa nifanarahana, dia aroson' ny Praiminisitra amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka izany fanovàna izany. Raha tsy ifanarahana ny fanovàna naroso, dia azon' ny Praiminisitra atamby ny andraikitry ny Governemanta amin' ny fametrahana fangataham-pitokisana.

Tsy azo atao ny mandatsa-bato ny fangataham-pitokisana raha tsy afaka valo amby efapolo ora (48), aorian' ny nametrahana izany. Raha toa ka androatokon' ny (2/3) mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no mitsipaka ny fangataham-pitokisana dia mametraka ny fialany amin' ny Filohan' ny Repoblika ny Governemanta.

Telopolo andro raha ela indrindra, aorian' ny fitsipahana ny fangataham-pitokisana, no ananganana ny Governemanta vaovao. Raha toa ka mbola aroson' ny Governemanta vaovao ireo fanovàna fototra nasiam-panamboarana na tsia, niteraka ny fifanolanana, ka mbola tsipahin' ny roa ampahatelon' ny (2/3) mpikambana ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, dia ravàn' ny Filohan' ny Repoblika ny Antenimierampirenena entim-bahoaka. Ary dia atao ao anatin' ny telopolo andro raha haingana ary enimpolo andro raha ela aorian' ny fandravàna ny fifidianana vaovao.

Mivory tsy ara-potoana ny Antenimierampirenena entim-bahoaka vaovao, ny talata manaraka ny fahalaniany.

And. 79. — Ny fomba ampiasain' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka hampahafantarana ny asa sahanin' ny Governemanta dia ny fanontaniana am-bava, ny fanontaniana an-tsoratra, ny fanadinana hentitra, ny fihainoana any amin' ny vaomiera ary ny vaomiera mpanao famotorana.

TITRE VI

DES RAPPORTS ENTRE L'EXECUTIF ET L'ASSEMBLEE NATIONALE POPULAIRE

Art. 76. — Le Président de la République communique avec l'Assemblée Nationale Populaire par des messages qui ne donnent lieu à aucun débat.

Les membres du Conseil Suprême de la Révolution et du Gouvernement ont accès à l'Assemblée Nationale Populaire; ils sont entendus quand ils le demandent. Ils peuvent se faire assister par des personnalités compétentes.

Art. 77. — Dans l'intervalle des sessions, le Conseil Suprême de la Révolution peut prendre par voie d'ordonnances des mesures relevant du domaine de la loi.

Ces ordonnances qui entrent en vigueur dès leur publication doivent toutefois être soumises à la ratification de l'Assemblée Nationale Populaire dès l'ouverture de la session suivante.

Art. 78. — Le Premier Ministre présente à l'Assemblée Nationale Populaire le programme général d'action de son Gouvernement. Les députés ont droit d'amendement dans les conditions fixées par la loi. Ce programme, une fois voté, ne peut plus être remis en cause par l'Assemblée Nationale Populaire.

Toutefois, en cours d'exécution, si le Gouvernement estime que des modifications fondamentales à ce programme général d'action s'avèrent nécessaires, le Premier Ministre soumet à l'Assemblée Nationale Populaire lesdites modifications. Faute d'accord entre les deux parties sur ces modifications, le Premier Ministre peut engager la responsabilité de son Gouvernement en posant la question de confiance.

Le vote ne peut avoir lieu que quarante-huit heures après le dépôt de la question. S'il est mis, en minorité par les deux-tiers des membres composant l'Assemblée Nationale Populaire, le Gouvernement remet sa démission au Président de la République.

Dans le délai maximum de trente jours suivant le vote refusant la confiance, un nouveau Gouvernement est formé. Si le nouveau Gouvernement reprend les modifications éventuellement remaniées et que l'Assemblée Nationale Populaire rejette celles-ci à la majorité des deux-tiers des membres la composant, le Président de la République dissout l'Assemblée Nationale Populaire. Il est alors procédé à des élections générales trente jours au moins et soixante jours au plus après la dissolution.

La nouvelle Assemblée Nationale Populaire se réunit de plein droit en session extraordinaire le deuxième mardi qui suit son élection.

Art. 79. — Les moyens d'information de l'Assemblée Nationale Populaire à l'égard de l'action gouvernementale sont la question orale, la question écrite, l'interpellation, d'audition en commission, la commission d'enquête.

Faritan' ny lalàna ny fepetra sy ny fomba ampiasana ireo fomban-draharaha ireo.

La loi détermine les conditions et modalités de mise en œuvre de ces procédures.

And. 80. — Amin' ny fotoam-pivoriana voalohany amin' ny taona diavina, dia aroson' ny Governemanta amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ny tatitra fanaony isan-taona momba ny fanatanterahana ny soritr' asany.

Rahefa mitranga ny adihevitra mikasika izany tatitra izany dia azon' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka atao ny mandatsabato fehin-kevitra maneho tsy fankasitrahana ny Governemanta, raha heveriny fa misy hadisoana bevava teo amin' ny fanatanterahana ny fandaharan' asa ankapobe nifanarahana. Tsy azo raisina anefa ny fehin-kevitra toy izany raha tsy ny antsasaky ny mambra ao amin' ny Antenimiera fara-fahakeliny no manisy sonia izany. Valo amby efapolo ora aorian' ny nandrosoana ny tolo-kevitra ho tapahina vao azo atao ny latsabato. Tsy lany ny tolo-kevitra ho tapahina raha tsy androatokon' ny mambra (2/3) ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no mahalany azy.

Art. 80. — A la première session de l'année en cours, le Gouvernement présente à l'Assemblée Nationale Populaire un rapport annuel d'exécution de son programme.

A l'occasion du débat portant sur le rapport annuel, l'Assemblée Nationale Populaire peut, par le vote d'une résolution hostile, mettre en cause la responsabilité du Gouvernement si elle estime qu'il y a manquement grave à l'exécution du programme général d'action. Une telle résolution n'est recevable que si elle est signée par la moitié au moins des membres de l'Assemblée. Le vote ne peut avoir lieu que quarante-huit heures après le dépôt de la résolution. Ladite résolution n'est adoptée que si elle est votée à la majorité des deux-tiers (2/3) des membres composant l'Assemblée Nationale Populaire.

Raha lany izany fehin-kevitra maneho tsy fankasitrahana izany, dia miditra ho elanelam-panahy ny Filohan' ny Repoblika ary mety hitarika ny fanamboarana na ny fandravana ny Governemanta izany.

Si cette résolution hostile est adoptée, le Président de la République procède à un arbitrage qui peut entraîner soit le remaniement, soit la dissolution du Gouvernement.

Raha rava ny Governemanta dia telopolo andro no fe-potoana be indrindra omena hananganana ny Governemanta vaovao.

En cas de dissolution, il est formé un nouveau Gouvernement dans un délai maximum de trente jours.

And. 81. — Azon' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolompiavotana atao, hoenti-manatontosa tetik' asa iray voafaritra tsara, ny mangataka famindram-pahefana avy amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka mandritra ny fotoana voafetra, mba hamoahany amin' ny alàlan' ny hitsivolana, fepetra mikasika ny faritra sahanin' ny lalàna.

Art. 81. — Le Conseil Suprême de la Révolution peut, pour l'exécution d'un programme d'action déterminé, demander à l'Assemblée Nationale Populaire une délégation de pouvoir, pendant un délai limité, pour prendre par voie d'ordonnances des mesures qui relèvent du domaine de la loi.

Azon' ny Filohan' ny Repoblika atao ao amin' ny fivorian' ny Filan-kevitry ny Minisitra, rahefa nakan-kevitra ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàmpanorenana sy ny Filohan' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, ny manambara fotoam-pahamaizana, na Firenena latsaka an-katerana, na fitondrana manaraka lalàna miaramila amin' ny tany misy hotakotaka izay manome azy fahefana manokana. Ny lalàna no mamaritra ny fetra sy ny faharetan' izany fahefana izany.

Le Président de la République peut en Conseil des Ministres, et après avis de la Haute Cour Constitutionnelle et du Président de l'Assemblée Nationale Populaire, proclamer la situation d'urgence, l'état de nécessité ou la loi martiale, qui lui confère des pouvoirs spéciaux dont l'étendue et la durée sont fixées par la loi.

Ny hitsivolana noraisina, araka ny fepetra voalazan' ity andininy ity, dia tsy aroso hankatoavin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

Les ordonnances prises dans le cadre du présent article ne sont pas soumises à la ratification de l'Assemblée Nationale Populaire.

And. 82. — Ny Filohan' ny Repoblika, rahefa nanome ny heviny ny Governemanta na manao tolo-kevitra ny telo ampahefatry (3/4) ny mambra ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, dia mahazo mandroso hisafidianam-bahoaka izay volavolan-dalàna rehetra momba ny fandaminana ny fahefam-pitondrana, na mikasika ny fomba fiasan' ny andrim-panjakana, na koa izay volavolan-dalàna rehetra heveriny fa ilàna ny fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka.

Art. 82. — Le Président de la République peut, après avis du Gouvernement ou sur proposition des trois-quarts (3/4) des membres composant l'Assemblée Nationale Populaire, soumettre au référendum tout au fonctionnement des institutions ou tout projet de loi qui lui paraît nécessiter la consultation directe du Peuple.

Raha ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no tompon-kevitra hanontany ny safidim-bahoaka dia aroso mialoha ho eken' ny Komitim-paritany ny tolo-kevitra hisafidianan' ny vahoaka.

Si l'initiative de la consultation populaire a été prise par l'Assemblée Nationale Populaire, le projet de référendum est préalablement soumis à l'avis conforme des comités de *Faritany*.

Rahefa lany tamin' ny fisafidianam-bahoaka ilay volavolan-dalàna dia avoakan' ny Filohan' ny Repoblika hanan-kery ao anatin' ny dimy ambin' ny folo andro.

Lorsque le référendum a conclu à l'adoption du projet, le Président de la République le promulgue dans le délai de quinze jours.

FIZARANA VII

NY AMIN' NY KARAZAM-PAHEFANA HITSARA

Laharana voalohany

Foto-kevitra ankapobe

And. 83. — Eto amin' ny Repoblika Demokratika Malagasy dia ny Fitsarana Tampony, ny Fitsarana ambony ary ny tribonaly no mitsara araka ny lalàna sy amin' ny anaran' ny Vahoaka Malagasy.

Eo amin' ny asam-pitsarana sahaniny dia mahaleotena ny mpitsara mpamoaka didy, ny mpitsara ary ny mpitsara mpanampy fidimbahoaka ka ny Lalàmpanorenana sy ny lalàna ihany no mifehy azy ireo.

Ny Filohan' ny Repoblika no miantoka ny fahaleovantenan' ny mpitsara mpamoaka didy. Ny Filan-kevitra Ambony momba ny Mpitsara, izay izy no filohany, no manampy azy ka ny lalàna no mametra ny fandaminana sy ny andraikitra ary ny fomba fiasan' io Filan-kevitra Ambony io.

Ny lalàna no mamaritra ny anjara raisin' ny olom-pirenena amin' ny fampandehanana ny raharaham-pitsarana sy ny fanaraha-maso azy, amin' ny alàlan' ny fananganana tribonalim-bahoaka any amin' ny Fokontany sy ny Firaisampokontany.

And. 84. — Ny antenimieran' ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana amin' ny fari-piadidian' ny fitsarana voakasik' izany no mifidy ny mpitsara sy ny mpitsara mpanampy avy amin' ny vahoaka.

And. 85 — Ny mpitsara ao amin' ny fampanoavana dia tsy maintsy mankatò ny ambaratongam-pifehezana. Eo ambany fahefany ireo mpiandraikitra ny fikarohana ny fandikan-dalàna.

And. 86. — Ny Fitsarana Tampony, ao amin' izay lafiny manao fanaraha-maso ankapobe ny raharaham-pitsarana sahanin' ny fitsarana ambony sy ny tribonaly, dia misy mpitsara manao izany ho anton-draharahany izay fidin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka araka ny fepetra sy fombafomba voalazan' ny lalàna. Tompon' andraikitra amin' ny asany izy, eo anatrehan' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka na eo anatrehan' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana amin' ny elanelan' ny fotoam-pivoriana, ka ny lalàna no mamaritra ny fepetra momba izany.

Ny Filohan' ny Repoblika no manendry ny Filoha voalohan' ny Fitsarana Tampony eo am-pivorian' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana.

Laharana II

Ny Fitsarana Avo

And. 87. — Ny Filohan' ny Repoblika sy ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana ary ny mambra ao amin' ny Governemanta dia tompon' andraikitra itataovam-pamaizana noho ny zava-natao teo amin' ny asany na teo am-panaovana ny raharahany ka voatondro ho heloka bevava na heloka tsotra teo am-panaovana azy. Ny Fitsarana Avo no mitsara ireo olona ireo.

Ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no afaka miampanga azy ireo amin' ny alàlan' ny latsabato ampahibemaso nolanian' ny antsasa-manilan' ny mambra ao aminy.

Tsy mandray anjara amin' ny latsabato ny mambra ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka izay hanao famotorana na hitsara.

Ireto avy no ao amin' ny Fitsarana Avo :

— ny Filoha voalohan' ny Fitsarana Tampony; *filoha;*
— filoha voalohan' ny Fitsarana ambony; roa;
— mambra ao amin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, enina.

TITRE VII

DES JURIDICTIONS

Sous-titre premier

Des principes généraux

Art. 83. — Dans la République Démocratique de Madagascar, la justice est rendue conformément à la loi au nom du Peuple Malgache, par la Cour Suprême, les Cours d'appel et les tribunaux.

Dans leurs activités juridictionnelles, les magistrats du siège, les juges et assesseurs populaires sont indépendants et ne sont soumis qu'à la Constitution et à la loi.

Le Président de la République est garant de l'indépendance des magistrats du siège. Il est assisté par le Conseil Supérieur de la Magistrature qu'il préside et dont l'organisation, les attributions et le fonctionnement sont fixés par la loi.

La participation des citoyens au fonctionnement et au contrôle de la justice sera déterminée par la loi, par la création des tribunaux populaires au siège des *Fokontany* et des *Firaisampokontany*.

Art. 84. — Les juges et assesseurs populaires sont élus par l'assemblée de la collectivité décentralisée du ressort de la juridiction concernée.

Art. 85. — Les membres du Ministère Public sont soumis au principe de la subordination hiérarchique. Ils disposent de la police judiciaire.

Art. 86. — La Cour Suprême, dans sa formation qui exerce le contrôle général de l'activité juridictionnelle des cours d'appel et des tribunaux, est composée de magistrats professionnels élus par l'Assemblée Nationale Populaire dans les conditions et suivant les modalités prévues par la loi. Elle répond de son activité dans les conditions fixées par la loi, devant l'Assemblée Nationale Populaire et, entre les sessions, devant le Conseil Suprême de la Révolution.

Le Premier président de la Cour Suprême est nommé par le Président de la République en Conseil Suprême de la Révolution.

Sous-titre II

De la Haute Cour de Justice

Art. 87. — Le Président de la République et les membres du Conseil Suprême de la Révolution et du Gouvernement sont pénalement responsables des actes accomplis dans l'exercice de leurs fonctions et qualifiés crimes ou délits au moment où ils ont été commis. Ils sont justiciables de la Haute Cour de Justice.

Ils peuvent être mis en accusation par l'Assemblée Nationale Populaire par un vote au scrutin public et à la majorité absolue des membres la composant.

Ne prennent pas part au vote les membres de l'Assemblée Nationale Populaire appelés à participer à l'instruction ou au jugement.

La Haute Cour de Justice est composée :

— du Premier président de la Cour Suprême, *président;*
— de deux premiers présidents de Cour d'appel;
— de six membres de l'Assemblée Nationale Populaire.

Afa-tsy ny Filoha, ny lalàna no mametra ny fombafomba anendrena ny mambra tompon-toerana sy ny mambra mpisolo toerana mbamin' ny fitsipika mifehy ny fomba fiasan' io Fitsarana Avo io ary ny paika arahina ao aminy.

Solontenan' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka nofidina tao amin' izy samy izy ampian' ny mpitsara amin' ny Fampanoavana no miandraikitra ny raharahan' ny Mpitsara mpampanoa ao amin' ny Fitsarana Avo.

Ny Fitsarana Avo dia voafehin' ny famaritana ny heloka bevava sy ny heloka tsotra ary ny famerana ny sazy araka ny lalàna manan-kery amin' ny fotoana nanaovana ny fandikàn-dalàna.

Lahatsoratra III

Ny Fitsarana Ambony momba ny Lalàmpanorenana

And. 88. — Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no manamarina ny fanajan' ny lalàna sy ny hitsivolana ary ny fitsipika mahaleotena ny Lalàmpanorenana, mbamin' ny fifanolanana mikasika ny tandrifin' ny fahefana zakaina na eo amin' ny samy andrim-panjakana na eo amin' ny Fanjakana sy ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana.

And. 89. — Misy mambra fito ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ka ny anarana entiny dia hoe : Mpanolotsaina Ambony ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary dimy taona azo havaozina no fe-potoana anendrena azy ireo.

Mambra roa no tendren' ny Filohan' ny Repoblika, roa tendren' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana, iray tendren' ny Governemanta ary roa tendren' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka. Ny iray amin' ireo mambra tendren' ny Filohan' ny Repoblika, tendren' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana, tendren' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka ary ilay mambra tendren' ny Governemanta, dia fantenana noho ny fahaizana amam-pahalalany momba ny lalàna.

Ny Filohan' ny Repoblika no manendry ny Filohan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Ny vaton' ny Filoha no mahery lanja raha mitovy ny isam-bato. Didim-panjakana ataon' ny Filohan' ny Repoblika no anamarinana ny fisian' ny fanendrena ireo mambra hafa.

And. 90. — Ny raharahan' ny mambra ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy azo ampirafesina amin' ny an' ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana na amin' ny an' ny mambra ao amin' ny Governemanta, na amin' ny asan' olomboafidy na amin' ny asa amandraharaha hafa.

Ny lalàna no manoritra ny fepetra ahazoan' ny Filohan' ny Repoblika manankina raharaha na iraka amin' ny Mpanolotsaina Ambony ao amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

And. 91. — Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no manara-maso ny maha-ara-dalàna ny fifidianana ny Filohan' ny Repoblika, ny fanendrena ny mambra ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana ary ny fifidianana ny solombavambahoaka.

Izy koa no manara-maso ny maha-ara-dalàna ny fizotran' ny fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka sy manambara ampahibemaso ny vokatr' izany ho fantatry ny besinimaro.

La loi fixe les modalités de désignation des membres titulaires autres que le Président, et des membres suppléants, ainsi que les règles de fonctionnement et la procédure applicables devant cette haute juridiction.

Le Ministère Public près la Haute Cour de Justice est exercé par des représentants de l'Assemblée Nationale Populaire élus en son sein, assistés de magistrats du parquet.

La Haute Cour de Justice est liée par la définition des crimes et délits ainsi que par la détermination des peines telles qu'elles résultent des lois pénales en vigueur au moment où les faits ont été commis.

Sous-titre III

De la Haute Cour Constitutionnelle

Art. 88. — La Haute Cour Constitutionnelle statue sur la conformité des lois, ordonnances et règlements autonomes à la Constitution ainsi que sur les conflits de compétence entre les institutions de l'Etat et entre l'Etat et les collectivités décentralisées.

Art. 89. — La Haute Cour Constitutionnelle comprend sept membres qui portent le titre de Haut Conseiller à la Haute Cour Constitutionnelle et dont le mandat est de cinq ans renouvelable.

Deux membres sont désignés par le Président de la République, deux par le Conseil Suprême de la Révolution, un par le Gouvernement et deux par l'Assemblée Nationale Populaire. Un des membres désignés par le Président de la République, par le Conseil Suprême de la Révolution, par l'Assemblée Nationale Populaire et le membre désigné par le Gouvernement, sont choisis en raison de leurs connaissances en matière juridique.

Le Président de la Haute Cour Constitutionnelle est nommé par le Président de la République. Il a voix prépondérante en cas de partage. La désignation des autres membres est constatée par décret du Président de la République.

Art. 90. — Les fonctions de membres de la Haute Cour Constitutionnelle sont incompatibles avec celles de membre du Conseil Suprême de la Révolution, de membre du Gouvernement, et avec tout mandat électif ou autre activité professionnelle.

La loi définit les conditions dans lesquelles des fonctions ou des missions peuvent être confiées par le Président de la République aux Hauts Conseillers à la Haute Cour Constitutionnelle.

Art. 91. — La Haute Cour Constitutionnelle veille à la régularité de l'élection du Président de la République, de la désignation des membres du Conseil Suprême de la Révolution et de l'élection des députés.

Elle veille également à la régularité des opérations de consultation populaire directe et en proclame les résultats.

And. 92. — Alohan' ny hamoahana hampanan-kery ny lalàna, ny Filohan' ny Repoblika dia mahazo manolotra azy ireny ho dinihin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, mba hohamarinina raha mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana.

Ny andinidininy izay lazain' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa tsy mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana dia tsy azo avoaka hanan-kery. Raha izany no miseho, dia azon' ny Filohan' ny Repoblika atao ny mamoaka ho tanterahina ireo andinindininy hafa amin' ilay lalàna, na ny mamerina ny lalàna manontolo hodinihin' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka indray na ny tsy hamoaka azy hanan-kery.

And. 93. — Ny hitsivolana, alohan' ny hamoahana azy hanan-kery, ary ny fitsipika an-tokantranon' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, alohan' ny hampiharana azy, dia aroso ho dinihin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mba hanamarinana ny fanajan' izy ireo ny Lalàmpanorenana.

And. 94. — Raha misy mpiady milaza eo anatrehan' ny fitsarana iray fa misy tsy fanajana ny Lalàmpanorenana, dia mampiato ny famoahana ny didiny io fitsarana io sady manome fe-potoana iray volana an' ilay olona mba hampidirany ny fangatahany any amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izay tsy maintsy mamoaka ny didiny ao anatin' ny fotoana fohy.

And. 95. — Azon' ny Filohan' ny Repoblika atao koa ny maka ny hevitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mba hanamarinana na mifanaraka amin' ny Lalàmpanorenana na tsia ny volavolan-dalàna na volavolan-didim-panjakana.

Azon' ny Filohan' ny Repoblika atao ny maka ny hevitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mikasika ny hevitry ny andinin-dalàna iray.

And. 96. — Mamoaka didy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana amin' ny fifanolanana miseho amin' ny fifidianana na amin' ny fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka. Manao fanapahan-kevitra kosa izy amin' ny anton-javatra hafa tandrifin' ny fahefana ananany, afa-tsy amin' ny tarehin-javatra voalazan' ny andininy faha-95.

Lazaina ny anton' ny fanapahana sy ny anton' ny didy avoakan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Tsy azo akarina fitsarana hafa intsony izy ireny ary tsy maintsy ampiharin' ny fahefam-panjakana sy izay rehetra manampahefana amin' ny fitondrana sy ny fitsarana.

And. 97. — Ny lalàna no mamaritra ny fomba fampiharana ny andininy faha-88 sy faha-90 amin' ity fizaràna ity, ny fitsipi-pandaminana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny fomba fiasany, mbamin' ny paika arahina ao aminy.

FIZARANA VIII

NY AMIN' NY KOMITY MIARAMILA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

And. 98. — Ny Komity Miaramila momba ny Fampandrosoana dia fakana hevitra amin' ny soritr' asa rehetra eto amin' ny Firenena mikasika ny fiarovana sy ny fampandrosoana ny toe-karena sy ny fiainam-bahoaka. Araka izany, dia mandray anjara izy amin' ny famolavolana ny tetik' asa rehetra ho fampandrosoana ny toe-karena sy ny fiainam-bahoaka izay ankinina amin' ny Foloalindahim-bahoaka ny fanatanterahana azy.

And. 99. — Ny lalàna no mametra ny sata sy ny isan' ny mpikambana ary ny lafim-pandaminana sy ny fitsipika mikasika ny fomba fiasan' ny Komity Miaramila momba ny Fampandrosoana.

Art. 92. — Avant leur promulgation, les lois peuvent être déférées à la Haute Cour Constitutionnelle par le Président de la République, pour contrôle de constitutionnalité.

Une disposition jugée inconstitutionnelle par la Haute Cour Constitutionnelle ne peut être promulguée. Dans ce cas, le Président de la République peut décider soit de promulguer les autres dispositions de la loi, soit de soumettre l'ensemble du texte à une nouvelle délibération de l'Assemblée Nationale Populaire, soit de ne pas procéder à la promulgation.

Art. 93. — Les ordonnances, avant leur promulgation et le règlement intérieur de l'Assemblée Nationale Populaire avant sa mise en application, sont soumis à la Haute Cour Constitutionnelle qui statue sur leur conformité à la Constitution.

Art. 94. — Si devant une juridiction quelconque, une partie soulève une exception d'inconstitutionnalité, cette juridiction surseoit à statuer et lui impartit un délai d'un mois pour saisir la Haute Cour Constitutionnelle qui doit statuer dans le délai le plus bref.

Art. 95. — La Haute Cour Constitutionnelle peut également être consultée par le Président de la République sur la constitutionnalité de tout projet de loi ou de décret.

Le Président de la République peut demander à la Haute Cour Constitutionnelle un avis sur l'interprétation d'une disposition législative.

Art. 96. — En matière de contentieux électoral et de consultation populaire directe, la Haute Cour Constitutionnelle rend des arrêts. Dans les autres matières relevant de sa compétence et hors le cas prévu à l'article 95 elle rend des décisions.

Les décisions et arrêts de la Haute Cour Constitutionnelle sont motivés; ils ne sont susceptibles d'aucun recours. Ils s'imposent aux pouvoirs publics et à toutes les autorités administratives et juridictionnelles.

Art. 97. — La loi détermine les modalités d'application des articles 88 et 90 du présent titre, les règles d'organisation et de fonctionnement de la Haute Cour Constitutionnelle, ainsi que la procédure à suivre devant elle.

TITRE VIII

DU COMITE MILITAIRE POUR LE DEVELOPPEMENT

Art. 98. — Le Comité Militaire pour le Développement est un organe consultatif dont l'avis est requis sur tout programme national de défense et de développement économique et social. A cet effet, il participe à l'élaboration des projets de développement économique et social dont l'exécution est confiée aux Forces Armées Populaires.

Art. 99. — Le statut, le nombre des membres, les organes et les règles de fonctionnement du Comité Militaire pour le Développement sont fixés par la loi.

FIZARANA IX

NY AMIN' NY FITSINJARAM-PAHEFANA

And. 100. — Ny Fokontany, ny Firaisampokontany, ny Fivondronampokontany, ny Faritany no vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.

Ny Fokonolona no fototra iorenan' ireo vondrom-bahoaka ireo.

And. 101. — Ny fivoriamben' ny olom-pirenena mpifidy sy ny komity mpanatanteraka nofinidy no mitantana ny raharahan' ny Fokontany.

Ny Firaisampokontany, ny Fivondronampokontany, ny Faritany dia samy manana filan-kevi-bahoaka sy komity mpanatanteraka nofidina.

And. 102. — Ny fivoriambe eo amin' ny Fokontany na ny filan-kevi-bahoaka eo amin' ny vondrom-bahoaka hafa, araka ny ambaratonga misy azy avy, no mitarika ny asa aman-draharaha eo an-toerana, indrindra ny fampivoarana momba ny toe-karena, ny fiainam-bahoaka, ny ara-tsaina ary ny fitantanana ny tanàna.

Ny fomba fiasan' ireny vondrom-bahoaka rehetra ireny dia fehezin' ny fitsipika momba ny *centralisme démocratique* voasoritra ao amin' ny Fototra iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy.

And. 103. — Azo atao ny manangana sampan-draharaham-panjakana, na mitana izay efa misy, mba hanamorana ny fandrindrana ny toe-karena, sy ny fiasan' ny Fanjakana ary ny fanohanana ara-teknika any an-toerana.

And. 104. — Ny lalàna no mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminana, ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.

FIZARANA X

NY AMIN' NY FANOVANA NY LALAMPANORENANA

And. 105. — Afaka mangataka fanovana ny Lalàmpanorenana ayokoa na ny Filohan' ny Repoblika izay manapaka izany eo amin' ny fiarahan' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana sy ny Governemanta mivory tsy ara-potoana, na ny Antenimierampirenena entim-bahoaka, araka ny tolo-kevitra aroson' ny ampahatelon' ny mpikambana ao aminy.

And. 106. — Ny volavolam-panovàna atolotra dia tsy lany raha tsy mahazo ny vaton' ny telo ampahefatry ny Antenimierampirenena entim-bahoaka.

And. 107. — Ny Filohan' ny Repoblika, eo amin' ny fivorian' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana miaraka amin' ny Governemanta, dia afaka manolotra fanovàna ny Lalàmpanorenana isafidianan' ny vahoaka mivantana.

And. 108. — Ny endrika maha-repoblika ny Fanjakana sy ny safidy sosialista eo amin' ny fandaharam-pitondrana dia tsy azo anaovana fanovàna.

FIZARANA XI

FEPETRA TETEZA-MITA SY FARANY

And. 109. — Manohy ny fisahanany ny asany ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana sy ny Governemanta mandrapanambaran' ny Filan-kevitra Ambony momba ny Andrim-panjakana ampahibemaso ny vokatra manerana ny firenena azo tamin' ny fanontaniana mivantana ny safidim- bahoaka ankatoavana ny Fototra iorenan' ny Revolisiona Sosialista Malagasy sy andaniana ity Lalàmpanorenana ity.

And. 110. — Izay Filohan' ny Repoblika voafidy tamin' ny fanontaniana mivantana ny safidim-bahoaka tondroina etsy amin' ny andininy etsy aloha dia mandray avy hatrany ireo fahefana omena azy araka ity Lalàmpanorenana ity raha vao ambaran' ny Filan-kevitra Ambony momba ny Andrim-panjakana amin' ny fomba ofisialy ny vokatry ny latsabato manerana ny Firenena.

TITRE IX

DE LA DECENTRALISATION

Art. 100. — Les collectivités décentralisées de l'Etat sont le *Fokontany*, le *Firaisampokontany*, le *Fivondronampokontany*, le *Faritany*.

Ces collectivités sont fondées sur le *Fokonolona*.

Art. 101. — L'assemblée générale des citoyens électeurs et un comité exécutif élu gèrent les affaires du *Fokontany*.

Le *Firaisampokontany*, le *Fivondronampokontany*, le *Faritany* sont pourvus d'un conseil populaire et d'un comité exécutif élus.

Art. 102. — L'assemblée générale pour le *Fokontany* et le conseil populaire pour les autres collectivités décentralisées, dirigent, à leur échelon respectif, l'activité locale visant notamment le développement économique, social, culturel et édilitaire.

Le principe du centralisme démocratique, défini par la Charte de la Révolution Socialiste Malagasy, s'applique à ces collectivités décentralisées.

Art. 103. — Des services publics peuvent être créés ou maintenus pour faciliter la coordination économique, l'action administrative et l'appui technique sur le plan local.

Art. 104. — La loi fixe les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des collectivités décentralisées.

TITRE X

DE LA REVISION DE LA CONSTITUTION

Art. 105. — L'initiative de la révision de la Constitution appartient soit au Président de la République qui statue en Conseil Suprême de la Révolution et Conseil des Ministres réunis en séance extraordinaire, soit à l'Assemblée Nationale Populaire, sur proposition du tiers au moins de ses membres.

Art. 106. — Le projet ou la proposition de révision n'est adopté qu'à la majorité des trois-quarts des membres de l'Assemblée Nationale Populaire.

Art. 107. — Le Président de la République, en Conseil Suprême de la Révolution et Conseil des Ministres réunis, peut soumettre la révision de la Constitution à la consultation populaire directe.

Art. 108. — La forme républicaine de l'Etat ainsi que l'option socialiste du régime ne peuvent faire l'objet d'une révision.

TITRE XI

DISPOSITIONS TRANSITOIRES ET FINALES

Art. 109. — Jusqu'à la proclamation officielle par le Conseil Supérieur des Institutions du résultat national de la consultation populaire directe portant ratification de la Charte de la Révolution Socialiste Malagasy et adoption de la présente Constitution, le Conseil Suprême de la Révolution et le Gouvernement continueront à exercer leurs fonctions.

Art. 110. — Le Président de la République, élu dans le cadre de la consultation populaire directe visée à l'article précédent dispose de plein droit des pouvoirs qui lui sont conférés par la présente Constitution, dès la proclamation officielle par le Conseil Supérieur des Institutions du résultat national.

Hanao fianianana izy eo amin' ny fotoana ametrahana azy amin' ny fomba manetriketrika ho eo amin' ny toerany rahefa navoaka hanan-kery ny Lalàmpanorenana vaovao.

And. 111. — Mandra-pijoron' ny Antenimierampirenena entim-bahoaka voalaza ao amin' ny fizarana faha-V amin' ity Lalàm-panorenana ity, dia ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana no mandray ny fahefana sy ny andraikitra omen' ity Lalàmpanorenana ity izany Antenimiera izany. Ny Filohan' ny ny Repoblika ihany no hanendry mivantana ny mpikambana ao amin' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana.

Hitsivolana no hamoahan' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana lalàna momba ireo anton-javatra rehetra tafiditra ao amin' ny faritra sahanin' ny lalàna.

And. 112. — Didim-panjakana ataon' ny Filohan' ny Repoblika alohan' ny fisokafan' ny fampielezan-kevitra momba ny fifidianana ny Antenimierampirenena entim-bahoaka no hampitsaharana ny asan' ny Filan-kevi-pirenena Entim-bahoaka momba ny Fampan-drosoana.

And. 113. — Omem-pahefana feno ny Filohan' ny Repoblika :
— hanao amin' ny alalan' ny hitsivolana, izay ifampidinihana ao amin' ny fivorian' ny Filan-kevitra Faratampon' ny Tolom-piavotana, ny fepetran-dalàna rehetra voalazan' ity Lalàmpanorenana ity mba handaminana ny fahefam-pitondrana. Alohan' ny hamoahana azy hanan-kery, ireny hitsivolana ireny dia atolotra ho dinihin' ny andrim-panjakana miadidy ny fanamarinana ny fanajan' ny lalàna ny Lalàmpanorenana ka ny fanapahany amin' izany dia tsy maintsy ankatoavin' ny manampahefana sy ny lafim-pitsarana rehetra eto amin' ny firenena;

— hampanao ny fifidianana hananganana ny andrim-panjakana vaovao eto amin' ny firenena ao anatin' ny valo ambin' ny folo volana raha ela indrindra.

And. 114. — Hanohy ny asany araka ny fepetran-dalàna manan-kery ny Filan-kevitra Ambony momba ny Andrim-panjakana mandra-pananganana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana.

And. 115. — Mandra-pananganana ny Fitsarana Tampony voalazan' ny andininy faha-86 entin' ity Lalàmpanorenana ity, dia hanohy ny asany araka ny fepetran-dalàna manan-kery ny Fitsarana Tampony ankehitriny.

And. 116. — Raha tsy misy fanovàna hatao any aoriana dia hampiharina hatrany ny lalàna manan-kery eto amin' ny Repoblika amin' izay fepetra rehetra entiny ka tsy mifanohitra amin' ireo voalazan' ity Lalàmpanorenana ity.

And. 117. — Ireo fepetran-dalàna mampiato ny fampiharana ny lalàna ankapobe noraisina noho ny toe-java-manokana nambara ampahibemaso hatramin' ny 13 mey 1972, dia foana avy hatrany rahefa tapitra ny fe-potoana hampiharana ny fahefana feno tondroin' ny andininy faha-113 etsy ambony, raha tsy hoe hamafisina an-karihary sy hampidirina ho anisan' ny lalàna tsotra alohan' izany fe-potoana izany, ireny fepetran-dalàna ireny.

And. 118. — Lalàna velona avy hatrany izao raha vao avoaka hanan-kery sy miseho amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Hotanterahina ity fa Lalàmpanorenan' ny Repoblika Demo-kratika Malagasy.

Avoaka hanan-kery, Antananarivo, ny 31 desambra 1975.

Didier RATSIRAKA.

Il prêtera serment au cours de l'investiture solennelle après la promulgation de la nouvelle Constitution.

Art. 111. — Jusqu'à la mise en place de l'Assemblée Nationale Populaire prévue par le titre V de la présente Constitution, le Conseil Suprême de la Révolution, composé des membres directement désignés par décret du Président de la République exercera les prérogatives constitutionnelles et la plénitude des attributions de ladite Assemblée.

Il légifère par voie d'ordonnances sur toutes les matières qui relèvent du domaine de la loi.

Art. 112. — Il sera mis fin aux activités du Conseil National Populaire du Développement par décret du Président de la République avant l'ouverture de la campagne pour les élections législatives.

Art. 113. — Le Président de la République a pleins pouvoirs :
— pour prendre, par voie d'ordonnances, délibérées en Conseil Suprême de la Révolution, toutes les dispositions législatives prévues par la présente Constitution en vue de l'organisation des pouvoirs publics. Ces ordonnances seront soumises avant leur promulgation à la sanction de l'organe chargé du contrôle de la constitutionnalité des lois et dont la décision s'impose à toutes les autorités et juridictions de l'Etat;

— pour organiser les élections destinées à la mise en place des nouvelles institutions de l'Etat dans un délai maximum de dix-huit mois.

Art. 114. — Jusqu'à la mise en place de la Haute Cour Constitutionnelle, le Conseil Supérieur des Institutions continuera à fonctionner conformément aux dispositions législatives en vigueur.

Art. 115. — Jusqu'à la mise en place de la Cour Suprême prévue à l'article 86, la Cour Suprême actuelle continuera à fonctionner conformément aux dispositions législatives en vigueur.

Art. 116. — Sous réserve des modifications à intervenir, la législation en vigueur dans la République demeure applicable en toutes ses dispositions qui ne sont pas contraires à celles de la présente Constitution.

Art. 117. — Les dispositions législatives dérogatoires au droit commun prises en vertu des états d'exception proclamés depuis le 13 mai 1972 sont abrogées de plein droit à l'expiration de la période d'exercice des pleins pouvoirs visé à l'article 113 ci-dessus, si elles ne sont pas expressément confirmées et introduites dans la législation ordinaire avant cette date.

Art. 118. — La présente loi entrera en vigueur dès sa promulgation et sera publiée au *Journal officiel* de la République.

Elle sera exécutée comme Constitution de la République Démocratique de Madagascar.

Promulguée à Tananarive, le 31 décembre 1975.

Didier RATSIRAKA.